Fiainam-Baovao Ao Amin'i Kristy

Boky 1

Dingana fototra amin'ny fiainana kristiana

Fizarana voalohany amin'ny teny malagasy,2005

Lalana voatokana 1993 © Mark Robinson

Azo atao ny fandikana izay ilaina, ary tsy azo ovaina na soloina ireo teny voa- rakitra ato anatiny. Azo atao ny mampidinina maimaim-poana ao amin'ny Internet amin'ny alalan'ity adiresy ity: www.NewLifeDiscipleship.com o WWW.NuevaVidaEnCristo.org

Novokarina tamin'ny teny española amin'ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny CAM iraisam-pirenena sy mpino ao amin'ny fikambanana aram-pilazantsara Amerika afovoany ao Costa Rica 8625 La Prada Dr., Dallas, TX 75228, EE.UU.

Adiresy mailaka: mprcam@comcast.net

Telefaonina EE.UU: (503) 236-6150

Zaraina eto Madagasikara ao amin'ny: Juan Luis Morales Aragones (madagascar@ono.com)

FANOROAN-TAKELAKA

Torolalana ho an'ny mpampianatra 4

Fampidirana ho amin'ny fiainana kristiana 5

Dingana 1 Voavonjy! 6

Dingana 2 Matoky! 8

Dingana 3 Mpandresy! 10

Dingana 4 Tompon'ny zavatra rehetra 12

Dingana 5 Miaina araka ny Fanahy 14

Dingana 6 Miteny amiko Andriamanitra 16

Dingana 7 Firesahana amin'Andriamanitra 18

Dingana 8 Mifandray isan'andro 20

Dingana 9 Ny fiangonako 23

Dingana 10 Andao hitory 25

Dingana 11 Ireo baiko 27

Dingana 12 Ny ankohonana 29

Dingana 13 Fanarahana an'i Jesosy 31

Fanampy 33

TOROLALANA HO AN'NY MPAMPIANATRA

1. Miarahaba anao nanaiky ny fanamby hampianatra mpino vaovao ka hampiasa *Fiainam-baovao ao amin'i Kristy* ho taridalana amin'izany. Mety hanome voa maharitra mandrakizay ny vokatr'ity fianarana ity.

2. Aoka ho ny Baiboly hatrany no fahefana ifaharanao isaka ny mamaly fanontaniana ianao. Tokony hitady samy irery ny andalan-Tsoratra Masina ny mpianatra ary hiezaka hamaly ny fanontaniana ka mampifandraika izany amin'izay voalazan'ny Baiboly.

   Mila atoro kely ny fomba fitadiavana toko sy andininy ao amin'ny Baiboliny ny mpino vaovao sasany.

3. Fomba maro samihafa no azo ampiasana ity boky ity. Amin'ny ankapobeny dia handinika lesona iray isan-kerinandro ianareo. Amporisiho ny mpianatra hanao ny entimody.

4. Kendreo mba tsy ho lava loatra ny faharetan'ny kilasy.

5. Amporosiho ny mpianatra hamorona ny valin-teniny manokana rehefa mamaly fanontaniana, fa tsy hamerina be fahatany ny teny ao amin'ny Baiboly. Hanampy azy handinika ny hevitra fonosin'ny lahatsoratra mantsy izany.

6. Fadio ny mitory teny aminy. Mametraha fanontaniana mba hahitanao fa azon'ny mpianatra ny lesona ary mba handrisika azy handray anjara.

7. Ataovy tsara ny fanomananao lesona. Amin'ny maha mpampianatra anao dia tokony tsy hanavao anao ny zavatra lazain'ny lesona tsirairay sy ny hevi-dehibe fonosiny.

   Rehefa manomana kilasy ianao dia tokony hahatsiaro hivavaka ho an'ny mpianatra sy ho an'ny fanomanana ny fony.

8. Kendreo mba hieritreritra ny fiantraikan'izay voalazan'ny lesona mivantana amin'ny fiainany ny mpianatra. Ampio izy hahita inona ny fomba fampiharana mivantana sy fampiharana manokana izay voalazan'ny lesona amin'ny fiainany.

   Ho an'izany indrindra no nanaovana ireo fampiasana anaty tabilao eo anilan'ny lesona tsirairay, koa ampiasao.

9. Ampio ny mpianatra hanana fahazarana mivavaka. Aoka ianao mihitsy no hampianatra azy ka mivavaha miaraka aminy.

10. Tsara fantarina fa ny hoe mpianatra dia tsy midika fotsiny hoe mianatra ireo lesona ao amin'ny *Fiainam-baovao ao amin'i Kristy* (Boky 1 sy 2) akory. Ny hoe mpianatra dia mitaky fiovam-piainana ho an'ilay mpianatra.

    Toro-lalana am-boalohany fotsiny ity boky ity. Tokony ho tohizana ny fanampiana ny mpianatra mba hahitany fiovana eo amin'ny toetrany, ny fomba fisainany, ny fahazarany, sns.

11. Tena zava-dehibe ny fananan'ny mpianatra fahazarana mamaky Baiboly, mivavaka ary mitadidy andalan-tsoratra masina isan'andro.

    Alohan'ny hanombohana lesona dia manokana fotoana hamerenan'ny mpianatra ny andalan-tsoratra masina nianarana tsiantsery teo aloha. Anontanio koa izy hoe manao ahoana ny fianarany Soratra Masina isan'andro. Aza bedesina izy raha tsy nahavita entimody, saingy amporisiho kosa hanao izany.

Tonga soa ato amin'ny ankohonan'Andriamanitra

Tamin'ny ianao nanolo-tenanao ho an'i Kristy dia nanomboka fiainana vaovao ianao, zavatra fanao vy very miaraka amin'i Kristy. Mikendry ny hanoro anao izay lazain'ny Baiboly mikasika ny fiainana kristiana ity boky ity. Mandeha tsikelikely ny fitomboana ao amin'i Kristy. Mila mamahana sakafom-panahy ny tenantsika sy mamindra miaraka amin'i Kristy isan'andro isika. Arakaraka ny habetsaky ny fotoana atokantsika ho an'i Kristy, no handrosoantsika haingana ho amin'ny fahamatorana.

Famintinana ny fomba famindra miaraka amin'i Kristy

1. Mamakia Baiboly isan'andro mba hahafantaranao bebe kokoa an'i Kristy.
2. Miresaha amin'Andriamanitra isan'andro amin'ny alalan'ny vavaka.
3. Avelao hitantana ny fiainanao Andriamanitra ka maneke ny sitrapony.
4. Ambarao amin'olon-kafa i Kristy.
5. Mitadiava firaisam-po amin'ny mpino hafa any amina fiangonana izay itoriana an'i Kristy.
6. Mitadiava mpino iray na roa azonao iarahana mivavaka sy iresahana matetika momba ny zavatra tsara na ratsy nanjo anao.
7. Asehoy amin'ny alalan'ny fitiavanao ny hafa sy toe-tsaina liana hahalala ny momba azy ireo ny fiovam-piainanao.

Ny fiainana miodidina an'i Kristy

Azo aseho amin'ny alalan'ity sarina hazo fijaliana ity ny fiainana kristiana. Kristy no ivon'ny fiainantsika vaovao. Miaina amin'ny fanekena azy isika.

Maneho ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Baiboly sy ny vavaka ny tsipika mitsangana.

Maneho ny fifandraisantsika amin'olon-kafa kosa ny tsipika mitsivalana. Mitady fiombonam-panahy miaraka amin'ny mpino anaty fiangonana isika, ary ho an'ireo izay mbola tsy mino kosa dia tokony hijoro vavolombelon'i Kristy amin'izy ireny isika.





Dingana 1

Voavonjy

Mariho na MARINA (M) na DISO (D)

____ Mba hahavoavonjy ahy dia mila mino fotsiny aho fa misy Andriamanitra.

____ Mampisaraka ny olona amin'Andriamanitra ny fahotana

____ Voavonjy aho satria mankany am-piangonana ary manao zavatra tsara

NY FIAINANA TALOHA

1. Araka ny Efesiana 2: 1, nanao ahoana ny toe-piainantsika talohan'ny nanomezan'i Jesosy Kristy antsika ny fiainana mandrakizay? _____
   _____
2. Araka ny Romana 3: 23, mpanota daholo ve ny olona rehetra?
   Eny ☐ Tsia ☐ Araka izany ary, nanao ahoana ny toe-piainantsika talohan'ny namonjen'i Jesosy Kristy antsika?
   _____
3. Voalazan'ny Baiboly fa voaozona isika. Nahoana? (Jaona 3: 18) _____

NY ASAN'ANDRIAMANITRA

4. Ahoana ny filaza an'Andriamanitra ao amin'ny Efesiana 2: 4-5?
5. Inona no nataon'Andriamanitra ho antsika araka io andalana io?
6. Araka ny Romana 5: 8, ahoana ny fomba nanehoan'Andriamanitra ny fitiavany antsika?
7. Vakio Efesiana 2: 8-9. Nanapa-kevitra Andriamanitra fa tsy avy amin'ny asa ny famonjena (and. 9). Inona ny asa itokisan'ny olona fa hahazoany famonjena?
   _____
8. Fa _____ no namonjeana antsika amin'ny _____ (and. 8). Fahasoavana dia midika hoe “fanomezana azo na dia tsy mendrika izany aza”, izany hoe nomen'Andriamanitra maimaim-poana ho antsika ny famonjena, na dia tsy mendrika izany aza isika.
9. Iza no tokony inoantsika mba hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra? (Galatiana 3: 26)
   _____

MBA HANDRAISANAO FANAPAHAN-KEVITRA

Efa nanaiky an'i Krisity ve ianao?
Eny ☐ Tsia ☐

Oviana izany?
_____

Te handray an'i Kristy ve ianao?
Eny ☐ Tsia ☐

MBA HANDRAISANAO AN'I KRISTY

1. Ekeo ny toetra maha mpanota anao.
2. Mandraisa fanapahan-kevitra hiala amin'ny fahotanao (mibebaha).
3. Minoa fa Jesosy Kristy maty ho anao, ary nitsangana tamin'ny maty.
4. Mivavaha ka asaivo miditra amin'ny fiainanao sy manapaka tanteraka ny fiainanao i Jesosy Kristy.

Azo atao modely ho an'izany ity vavaka ity:

Jesosy Tompo malala ô,
Fantatro fa mpanota aho ary mila ny famelanao heloka. Mino aho fa maty noho ny heloko ianao. Te hiala amin'ny fahotako aho. Meteza ankehitriny hiditra amin'ny fiainako. Mahatoky anao ho Mpamonjiko aho, ary hanaraka anao ho toy ny Tompoko. Misaotra Tompo noho ny famonjenao ahy. Amena.

HO TSAKOTSAKOINA

Hevero ny tokantranonao sy izay rehetra tianao. Tsarovy ny fiantraikan'ny fahotanao tamin'izany.

Hevero ny hoavinao. Raha nitohy niaina ny fiainanao taloha ianao dia ho niharan'ny fitsaran'Andriamanitra. Vakio sy saintsaino ny Apokalypsy 20: 11-15, ka misaora an'Andriamanitra noho ny fitiavany lehibe.

MBA HITOMBOANAO

Ilaina tokoa ny mandrafitra fahazarana mba hanampy anao hitombo amin'ny fiainanao vaovao.



Toy ny fanomezan'ny fanazarana ara-batana hery ho an'ny tena, dia misy koa fifehezam-panahy izay manampy anao hitombo ao amin'i Kristy.

Voafaokan'izany fifehezana izany ny fianarana ny Baiboly, ny vavaka ary ny fanaovana tsianjery andinin-tsoratra masina.

Ankoatra ny fianarana ny lesona, **ilaina ny mamaky ampahany amin'ny Baiboly sy mivavaka amin'Andriamanitra isan'andro**.

Amin'ity herinandro ity, vakio ny bokin'i Jaona toko 1-7, ka toko iray isan'andro.

Mivavaha amin'Andriamanitra alohan'ny hamakiana teny, mba hanomanana ny fonao handray izay holazainy amin'ny alalan'ny teniny.

Rehefa avy mamaky teny dia mivavaha indray, ka resaho amin'Andriamanitra izay novakinao.

Eo ambanin'ny fitarihan'Andriamanitra, manome toky aho androany fa hamaky toko iray amin'ny Baiboliko isan'andro.

Daty _____

Ianaro tsianjery Efesiana 2: 8-9

"Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany fa fanomezana avy amin'Andrimanitra; tsy avy amin'ny asa, fandrao misy hirehareha."

Hahita karatra hanampy anao amin'ny fianarana tsianjery ianao ao amin'ny Fanampy 1.

10. Ambarao amin'ny fehezanteny noforoninao ny dikan'ny hoe mino an'i Kristy.

    _____

NY FIAINAM-BAOVAO

11. Inona no antony nahatongavan'i Jesosy Kristy? Jaona 10:10

    _____

12. Inona no omen'Andriamanitra izay mandray an'i Kristy? Jaona 1:12

    _____

13. Araka ny Jaona 5: 24, inona no mitranga amin'ny olona manaiky handray an'i Jesosy Kristy?

    _____

14. Araka ny Efesiana 2: 10, inona no fototry ny famoronana antsika tao amin'i Kristy?

    _____

Tadidio fa tsy noho ny asa no namonjena antsika, fa kosa mba hanao asa tsara.

15. Vakio II Korintiana 5: 17. Ny hoe "ao amin'i Kristy" dia midika hoe nanaiky Azy ho Mpamonjy. Raha izany ary, raha misy olona ao amin'i Kristy, tonga inona izany olona izany?

    _____

16. Manambara fiovana eo amin'ny fiainana ny tapany faharoa amin'ny andalana 17. Manomeza ohatra vitsivitsy mikasika:

    ny zavatra taloha: _____

    _____

    ny zavatra vaovao: _____

    _____

NDEHA HO FINTININA

Amin'ny fehezanteny noforoninao, fintino ny hevitra fonosin'ny lesona.

1. Nanao ahoana ny fiainanao tsy nisy an'i Kristy? _____

   _____

   _____

2. Inona no nataon'i Kristy ho anao? _____

   _____

   _____

3. Ahoana no tokony hanehoana ny fiainam-baovao nomen'Andriamanitra anao amin'ny fiainanao andavanandro? _____

   _____

   _____

Dingana faha 2

Matoky



MANOME TOKY AHY ANDRIAMANI TRA

Mariho na MARINA (M) na DISO (D)

____ Matoky aho ankehitriny fa voavonjy

____ Tian'Andriamanitra hanota aho mba hanehoany kokoa ny fitiavany

____ Raha toa ka manota aho ka maty alohan'ny hibebahako, dia mbola voavonjy ihany.

1. Vakio Romana 8: 38-39. Rehefa nanaiky handray an'i Kristy isika, misy fomba hanasarahana antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra ve?

   Vakio Jaona 10: 27-29 ary valio ny fanontaniana 2-7.

2. *Inona no omen'i Jesosy antsika? (and. 28)* _____

3. *Iza no manome ny fiainana mandrakizay? (and. 28)* _____
   _____

4. Mety ho tapitra ve ny zavatra mandrakizay? _____

   Amin'ny filazam-potoana ankehitriny ny matoanteny "manome". Manoro antsika izany fa efa azontsika ny fiainana mandrakizay. Tsy rehefa maty akory isika vao manomboka ny fiainana mandrakizay, fa nanomboka tamin'ny fotoana nanekentsika an'i Kristy ho Mpamonjy antsika manokana izany.

5. Rahoviana isika no ho very? (and. 28) _____

6. Mety hisy handrombaka antsika amin'ny tanan'i Kristy ve? (and. 28) _____

7. Mety misy mahay mandrombaka antsika amin'ny tanan'Andriamanitra Raintsika ve? (and. 29) _____
   _____

   *Vakio **Efesiana 1: 13-14** ka valio ny fanontaniana 8-9.*

8. Inona no asa nataon'Andriamanitra tamintsika? (and. 13)
   _____

9. Oviana no nasiana tombo-kase isika? (and. 13)
   _____

   Nomen'Andriamanitra ny Fanahy Masina isika mba ho antoka ("santatra") fa fananany isika mandra-piverin'i Jesosy Kristy haka antsika.

Vakio "Iza moa aho ao amin'i Kristy?" ao amin'ny Fanampiny 2, any amin'ny faran'ny boky.

Inona no tsapanao raha mamaky ireo fanambarana ireo ianao? Manome toky anao ve izany? _____
_____
_____

HO FISAORANA

Araka ny Jaona 10: 28-29 dia sady eo an-tanan'i Jesosy Kristy ianao no eo an-tanan'ny Ray.

Alaivo sary an-tsaina toa inona ny fiainanao voaaron'izany tanana izany! Noho izany ary dia teneno indroa hoe tsy misy handrombaka antsika.

HO TSAKOTSAKOINA SY HO FARITANA

Ny hoe manota dia manao, miteny na mieritreritra zavatra mifanohitra amin'ny sitrapon'Andriamanitra. Na tia ahy aza Andriamanitra, dia mankahala ny fahotako kosa.

Eritrereto ary manomeza antony roa heverinao fa tokony hialan'ny kristiana amin'ny ota.

1. _____
   _____
   _____

2. _____
   _____
   _____

ASA HATAO

Amin'ity herinandro ity, mivavaha ho an'ny havanao iray izay tsy mbola nandray an'i Kristy. Mangataha mba ho an'ny famonjena azy. Soraty ny anaran'izany havanao izany:

_____

Ianaro tsianjery ny filaharana sy ny anaran'ireto boky ao amin'ny Testameta Vaovao manaraka ireto: Hanampy anao amin'ny fitadiavana andalan-tsoratra masina izany.

Matio
Marka
Lioka
Jaona
Asan'ny Apostoly
Romana
I sy II Korintiana
Galatiana
Efesiana
Filipiana
Kolosiana



MBA HITOMBOANAO

Vakio Jaona 8-14 amin'ity herinandro ity (toko iray isan'andro).

Ianaro tsianjery Jaona 10:27-28

"Ny ondriko mihaino ny feoko, ary Izaho mahalala azy, ary izy manaraka Ahy, ary Izaho manome azy fiainana mandrakizay, ka tsy ho very izy mandrakizay, ary tsy hisy handrombaka azy amin'ny tanako."

10. Vakio I Jaona 5: 11-12. Manana fiainana mandrakizay ve ianao?

    _____

    Ahoana no ahafantarantsika fa manana fiainana mandrakizay isika na tsia? _____

    _____

    _____

MAMPITANDRINA AHY ANDRIAMANITRA

11. Hitantsika tao amin'ny Romana 8: 38-39 fa mijery antsika amin'ny masom-pitiavana Andriamanitra. Saingy amin'izao aho efa voavonjy izao, nahoana aho no tsy tokony hilalao ota? Vakio Romana 6: 1-2

    _____

    *Vakio **Hebreo 12:5-10** ary valio ny fanontaniana 12-13*

12. Satria aho zanak'Andriamanitra dia faiziny. Nahoana Izy no manao izany? (and. 6)

    _____

    _____

13. Inona no kendren'ny famaizan'Andriamanitra ahy? (and. 10)

    _____

    _____

MANOME SAFIDY AHY ANDRIAMANITRA

Tsy tian'Andriamanitra hanota ianao. Saingy amin'ny maha olombelona antsika dia tratran'ny fakam-panahy isika. Midika izany fa tsy maintsy mbola miady amin'ny fahotana isika.

Inona no mitranga raha manota ianao?

Tsy very akory ny famonjena efa azonao, saingy very kosa ny firaisanao amin'Andriamanitra. Andriamanitra, amin'ny maha Ray be fitiavana azy, dia nanomana vahaolana hialana amin'ny fakam-panahy sy fomba hahafahantsika manatona Azy raha nanota isika. Hodinihantsika kokoa io ao amin'ny Dingana faha 3.

FANDALINANA

Vakio I Korintiana 3: 11-15. Hotsaraina ny kristiana tsirairay. Tsy hamantarana hoe voavonjy izy anefa no anton'izany, fa kosa hizahan-toetra ny asany.

Raha sitrak'Andriamanitra izany asa izany dia handray valim-pitia izy. Raha tsy izany kosa dia tsy hahazo valim-pitia manokana izy (tsy famonjena akory ny valim-pitia, satria voavonjy izy araka ny andininy faha 15).

Hahazo valim-pitia ve ianao sa zara raha voavonjy? _____

_____

Dingana faha 3

Mpandresy

Mariho na MARINA (M) na DISO (D)

____ Raha iharan'ny fakam-panahy isika, dia lasa manota na tiantsika na tsy tiantsika satria malemy.

____ Raha manota isika ka mibebaka amin'Andriamanitra, dia hamela ny fahotantsika Izy.

____ Manana fahavalo ara-panahy izay maka fanahy antsika isika.

MISY ADY

Ny Baiboly dia milaza fa tsy Andriamanitra akory no maka fanahy antsika (Jakoba 1:13).

Raha izany ary, iza ny fahavalo ara-panahintsika?

1. Araka ny Jakoba 4:4 _____

2. Araka ny Galatiana 5:17 _____

3. Araka ny I Petera 5:8 _____

Ahoana ny tokony hamaliantsika ny fahavalo tsirairay avy?

4. Izao tontolo izao. Romana 12:2 _____

5. Ny toetra maha mpanota (ny nofo). Galatiana 5:16 _____
   _____

6. Ny devoly. Jakoba 4:7 _____

MISY FANDRESENA

7. Iza no lehibe noho Satana? (I Jaona 4:4) _____
   _____

8. Iza no mitoetra ao anatin'ny mpino? (I Korintiana 3:16)
   _____

9. Iza no manome antsika ny fandresena? (I Korintiana 15: 57)

Andriamanitra, izay ao amin'ny mpino, no manome izay ilaina ho entina mandresy amin'ny ady. Koa inona ary no tokony hataontsika mba hialana amin'ny fakam-panahy?

10. Araka ny Salamo 119:11 _____

11. Araka ny Matio 26:41 _____

12. Araka ny Ohabolana 4:14-15 _____

13. Araka ny II Timoty 2:22 _____

FANDALINANA

Samy iharan'ny fakam-panahy daholo isika, saingy tsy midika akory izany fa tsy maintsy tafalatsaka anatin'ny ota isika. Misy fahamariana telo ao amin'ny I Korintiana 10:13:

1. Mpahazo ny olona ny fakam-panahy, saingy azo atao ny mandresy izany.
2. Manisy fetrany eo amin'ny fakam-panahy Andriamanitra; azontsika toherina ny fakam-panahy.
3. Isaka ny fakam-panahy, dia hasian'Andriamanitra lalana hahafahana mahazaka izany.

Saintsaino ireo fahamarinana ireo ary inoy!

FANAMAFISANA

Afaka mandresy ny fakam-panahy halefan'ny fahavalony ara-panahy ny kristiana. Afaka mitadidy toe-javatra niainanao vao haingana ve ianao, ka niharan'ny fakam-panahy ianao tamin'izany ary nandresy noho ny fanampian'Andriamanitra?

_____

_____

_____

FANITSIANA

Amin'Andriamanitra aho no tokony hiaiky heloka (Salamo 32: 5). Saingy amin'ny toe-javatra sasany dia tsy ampy izany.

Raha nahatohina olon-kafa aho noho ny fahotako dia tokony hitady izany olona izany aho ka hifona aminy koa (Jakoba 5: 16; Matio 5: 23-24)

Jaona Apostoly: Ahoana no ahafahako hitia an'Andriamanitra izay tsy hitako, raha mankahala ny rahalahako izay hitako aho?

ASA HATAO

Amin'ity herinandro ity, mivavaho ho ana namana, na mpiara-mianatra, na mpiara-miasa, na mpifanilabodirindrina aminao izay mila mahalala an'i Kristy.

Amin'ity herinandro ity aho dia hivavaka ho an'i:

_____

Ianaro tsianjery ireto boky manaraka ao amin'ny Testameta Vaovao ireto, ary avereno ireo boky 12 teo aloha.

I sy II Tesaloniana
I sy II Timoty
Titosy
Filemona
Hebreo
Jakoba
I sy II Petera
I, II ary III Jaona
Joda
Apokalypsy



MBA HITOMBOANAO

Vakio Jaona 15-21 amin'ity herinandro ity (toko iray isan'andro).

Ianaro tsianjery ny I Jaona 1:9

"Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra."

MISY FAMELANA

14. Araka ny I Jaona 1: 8, kristiana iza no afaka tsy manota?

    _____

    Rehefa manota ny kristiana dia tapaka ny firaisany amin'Andriamanitra. Tsy faly Andriamanitra, ary na dia tiany aza ny olona, tsy hohenoiny ny fitarainany mandra-panaikeny fa nanota izy.

15. Inona no tokony hataontsika mba ho voavela heloka? (vakio I Jaona 1:9) _____

    _____

AHOANA NO TOKONY HO FIAIKENA HELOKA?

Tsy vitan'ny miteny fotsiny hoe "nanota aho" ny miaiky heloka.
Mitaky zavatra maro ny tena fiaikena heloka:

a. Milaza ny marina

b. Manenina (maniry tsy hamerina hanota intsony).

c. Milaza ny antsipiriany (milaza amin'Andriamanitra hoe inona ilay fahotana natao)

d. Miaiky heloka avy hatrany. Raha vao tsapako fa nanota aho dia tokony hiaiky izany. Raha tsy izany mantsy dia mety ho latsaka anaty fahotana hafa indray aho.

e. Manao izany am-panetren-tena (mangata-pamelana amin'ireo olona voakasiky ny fahotako).

f. Manaiky ny famelankeloka. Tsy tokony hanamelo-tena noho ny fahotana efa nekentsika isika. Raha namela antsika Andriamanitra dia tokony ho hekentsika ny famelany, ary hisaotra Azy noho izany.

16. Araka ny I Jaona 1: 9, inona no mitranga rehefa miaiky ny fahotako aho?

    a. _____

    b. _____

ANDEHA HO FINTININA

1. Iza ireo fahavalontsika ara-panahy?
2. Inona avy ireo fitaovana entintsika mandresy azy ireo?
3. Raha manota isika dia inona no tokony hataontsika mba ho voavela heloka?

Dingana faha 4

Tompon'ny zavatra rehetra

Mariho na MARINA (M) na DISO (D)

____ Zoko ny mandidy manapaka ny fiainako.

____ Raha avelako hanapaka ny fiainako i Kristy dia ho foanany ny fialamboliko rehetra.

____ Haiko ny mitondra ny fiainako; tsy misy olon-kafa manana zo hibaiko ahy.

IZA NO TOMPOKO?

Anisan'ny anarana ampiasaina matetika iantsoana an'i Kristy ny hoe “TOMPO”. Na dia manohitra an'Andriamanitra aza ny olona amin'ny fiainany ankehitriny, dia handohalika eo anatrehan'i Kristy kosa ny lohalika rehetra ary hanaiky azy ho Tompo ny lela rehetra indray andro any. (Filipiana 2:10-11).

1. Inona ny hevitry ny fehezan-teny hoe: Tompon'ny fiainako Jesosy Kristy? _____
   _____

2. Inona ny zo hananan'i Kristy amin'ny fiainako?

   Kolosiana 1:16 _____

   II Korintiana 5:15 _____

   Iza no tompon'ny fiainako ankehitriny? _____
   _____

VALIN-TENIKO

3. Raha i Kristy no tompoko, ahoana no tokony havaliko azy araka ny II Korintiana 5:15? _____
   _____

4. Vakio ny Galatiana 2: 20. Voafintina ao anatin'io andalana io ny zava-dehibe momba ny fiainana kristiana. Azavao ity fehezan-teny ity:

   “tsy izaho intsony no velona… Kristy no velona ato anatiko”
   _____
   _____
   _____

   Ny dikan'ny hoe “voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana” dia maty na tavela any aoriana any ny fiainako taloha. Miaina fianam-baovao ao amin'i Kristy aho izao, ary manana hery handresy ny fahotana.

5. Ahoana no tokony hataoko amin'izany fiainam-baovao ao amin'i Kristy izany? Jereo ny tapany faharoa amin'ny Galatiana 2:20. _____
   _____

MANDRESY NY TAHOTRA

Matahotra ny hanolotra ny fiainanao tanteraka ho an'i Kristy ve ianao?

TENA NY TSARA INDRINDRA TOKOA VE NO TIAN'ANDRIAMANITRA HO AN'NY FIANAKO?

Ireto misy antony vitsivitsy mahatonga ny olona hatahotra hanolotra ny fiainany ho an'i Kristy. Mariho ireo antony mety mahakasika anao.

- o Matahotra aho sao tsy tena ho azon'i Jesosy ny olako.
- o Matahotra aho sao hasain'i Kristy manao zavatra tsy afaka hataoko.
- o Matahotra aho sao tsy havelan'i Kristy hanambady izay olona mahasambatra ahy.
- o Matahotra aho sao hesorin'Andriamanitra amiko ny namako sy ny fahafinaretako.
- o Matahotra aho sao tsy hahavita izay andrasan'ny Tompo amiko.

Vakio I Petera 5: 6-7. Araka io andalana io ary, mino ve ianao fa misy antony tokony hatahoranao?

Eny ☐ Tsia ☐

DINIHO NY TENANAO

Betsaka ny zavatra tsy ratsy raha dinihina, saingy mety haka ny toerana tokony ho an'i Kristy irery eo amin'ny fiainantsika.

Mariho ireo zavatra mety hanakana ny asan'i Kristy eo amin'ny fiainanao amin'ny lisitra manaraka:

- ☐ Fananana
- ☐ Namana
- ☐ Tanjona
- ☐ Asa
- ☐ Fialam-boly
- ☐ Fahazarana
- ☐ Ny toetranao
- ☐ Ankohonana
- ☐ Zavatra hafa _____



AOKA HOSAINTSAININA

Inona no sehatra mbola ilainao homena an'i Kristy mba hanjakany?

MBA HITOMBOANAO DIA

Vakio Asan'ny Apostoly 1-7 (took iray isan'andro).

Ianaro tsianjery Galatiana 2:20

"Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazofijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy."

6. Inona ny famantarana fa Kristy no Tompon'ny fiainako? Lioka 6:46

7. Inona no maha zava-dehibe ny fametrahako ny fiainako eo ambany fahefan'i Kristy?

✓ Tsy afaka manompo tompo roa aho. Tsy maintsy misafidy aho na hanompo an'Andriamanitra na hanompo an'izao tontolo izao. Tsy afaka hifankahazo amin'izy roa ireo miaraka aho (Lioka 16:13).

✓ Raha tsy i Kristy no mpamily ny sambon'ny fiainako dia ho andevozin'ny fahotana aho (Romana 6:16).

✓ Tsy maintsy hiseho eo anatrehan'ny fitsaran'i Kristy aho indray andro any ka hanao tatitra momba ny fiainako aminy (II Korintiana 5:10).

IZA NO TENA AFAKA MITONDRA NY FIAINAKO?

	Jesosy	Izaho
Iza no mikatsaka lalandava izay hahasoa ny fiainako?	☐	☐
Iza no mahalala izay mahasoa ny fiainako?	☐	☐
Iza no afaka manao izay tsara ho an'ny fiainako?	☐	☐

INONA NO TOKONY HATOLOTRO AN'I KRISTY?

8. Ireto avy no sehatra amin'ny fiainako tokony hatolotra azy:

Romana 12:1 _____

II Korintiana 5:10 _____

Efesiana 5:15-16 _____

II Korintiana 9:6-7 _____

FANOLORAN-TENA HO AN'I KRISTY ISAN'ANDRO

Mamporisika antsika hanolo-tena ho an'i Kristy ny Romana 12:1. Azo atao modely ho an'izany fanoloran-tena isan'andro izany izao vavaka manaraka izao:

"Tompo ô, manolo-tena ho anao aho.
Raiso ny saiko sy izay eritreretiko
Raiso ny masoko sy izay jereko
Raiso ny sofiko sy izay renesiko
Raiso ny molotro sy izay lazaiko
Raiso ny foko sy ny fihetsem-poko ary ny fihetsiko.
Raiso ny tanako sy izay ataoko
Raiso ny tongotro n'aiza n'aiza alehako
Raiso ny tenako, tempolinao izany.
Fenoy ny Fanahinao Masina aho.
Maniry hankatoa anao aho. Maniry hanao ny sitraponao aho."

Dingana faha 5

MIAINA ARA-PANAHY

Mariho na MARINA (M) na DISO (D)

____ “Heri”n'Andriamanitra ny Fanahy Masina.
____ Mampahalala antsika ny fahotana ny Fanahy Masina.
____ Monina ao amin'ny zanak'Andriamanitra rehetra ny Fanahy Masina.

VOALOHAN'ASAN'NY FANAHY MASINA

Raha niakatra tany an-danitra ho any amin'ny Ray Jesosy Kristy dia naniraka ny Fanahy Masina (Fanahin'ny Fahamarinana) mba ho vavolombelona hanambara Azy (Jaona 15: 26).

1. Araka ny Jaona 16: 8-9, inona no asan'ny Fanahy Masina ao amin'ny olona tsy mpino?

   _____

2. Ny Fanahy no mahatonga ny olona manaiky an'i Kristy ho ateraka indray (Jaona 3: 3-8). Aminao, inona no dikan'ny hoe “ateraka indray”?

   _____
   _____

   Ankoatra izany, miasa amin'ny fomba hafa ao amin'ny olona manaiky an'i Kristy koa ny Fanahy Masina.

3. Araka ny I Korintiana 12: 12-13, Fanahy iray ihany no nanaovana _____ antsika rehetra ho tena iray.

   Tsy manondro ny batisa amin'ny rano akory ny batisan'ny fanahy, fa manondro kosa ny fiasan'ny Fanahy Masina ao amintsika ho tonga singan'ny tenan'i Kristy, dia ny fiangonana, izany hoe ny fivondronan'ny mpino marina eran'izao tontolo izao.

4. Araka ny Efesiana 1: 13, inona no mitranga rehefa mandre sy mino ny filazan-tsara ny olona iray?

   _____

   “Nasiana tombo-kase”n'ny Fanahy Masina dia midika fa hatramin'ny fotoana ninoany dia lasa fanan'Andrimanitra tsy misy isalasalana ny zanak'Andriamanitra vaovao.

5. Araka ny I Korintiana 3: 16, tempolin'Andriamanitra ny Kristiana ary _____ ao anatiny ny Fanahy Masina. Midika izany fa tena mitoetra maharitra ao amin'ny kristiana ny Fanahy.

FAMINTINANA NY VOALOHAN'ASAN'NY FANAHY MASINA

- ✓ Mampiaiky fahotana
- ✓ Mahatonga ho ateraka indray
- ✓ Mitoetra ao anatintsika
- ✓ Manisy tombo-kase mandrakizay
- ✓ Manao batisa ao amin'ny Tenan'i Kristy

KAROHY

Araka ny I Korintiana 6:11, Iza ny Fanahy Masina?

_____

Jereo koa Asan'ny Apostoly 5:3-4

MBA SAINTSAINO IHANY

Hoy ny Efesiana 1:14 hoe santatry ny lovantsika ho amin'ny fanavotana ny Fanahy Masina. Ahoana ny fahatsapanao izany fahamarinana izany?

_____
_____
_____

ASA HATAO

Fantatra fa tempolin'ny Fanahin'Andriamanitra ny tenantsika, ahoana no tokony ho fikarakarantsika ny tenantsika ary? Jereo I Korintiana 6:19-20.

_____
_____
_____

IREO TOKONY HATAONAO

Zarao amin'olon-kafa ny fijoroanao vavolombelona amin'ity herinandro ity (ahoana no nahalalanao an'i Kristy).

Azonao atao ny manao izany miaraka amin'ny olona niaraka nivavaka taminao.

HO FANDALINANA

Vakio Joda 20. Inona ny dikan'ny hoe "mivavaha amin'ny Fanahy Masina"? Jereo fanontaniana faha 8.



MBA HITOMBOANA DIA

Vakio Asan'ny Apostoly 8-14 (Toko iray isan'andro).

Ianaro tsianjery I Korintiana 12:13

"Fa Fanahy iray ihany no nanaovam-batisas antsika rehetra ho tena iray, na jiosy na jentilisa, na andevo na tsy andevo; ary isika rehetra dia efa nampisotroina ny Fanahy iray."

NY FITOHIZAN'NY ASAN'NY FANAHY MASINA

6. Araka ny Jaona 14:26, inona no nampanantenan'i Kristy mikasika ny fahalalana ara-panahy?

   _____

   Mahafaly ny mahalala fa ny Fanahin'i Kristy mihitsy no mampianatra antsika?

7. Na dia krisitiana aza isika dia mbola malemy. inona no ataon'ny Fanahy Masina mba hanampiana antsika araka ny Romana 8:26-27?

   _____

8. Milaza ny Romana 8:14 fa mitarika ny kristiana ny Fanahy. Mba hahafahan'ny Fanahy Masina mitarika ny kristiana dia tokony:

   Araka ny Efesiana 5:18 _____

   Araka ny Galatiana 5:16 _____

   Ny hoe fenoin'ny Fanahy Masina sy mandeha araka ny Fanahy dia midika fa ananan'ny Fanahy Masina fahefana ary tarihiny ny kristiana. Voaporofo amin'ny alalan'ny voa voalaza a amin'ny Galatiana 5: 22-23 izany.

AHOANA NO ATAO MBA HO FENOIN'NY FANAHY?

- ✓ Raha fantatrao fa nanota ianao dia aborahy amin'Andriamanitra izany. Aza andrasana hiandrona ny fahotana (I Jaona 1:9). Ambonin'izany, ilaina ny manaiky amin'ny finoana ny famelana natolotr'Andriamanitra.
- ✓ Atolory ny tenanao ho an'Andriamanitra. Avelao Izy hanapaka ny fiainanao, ka ekeo ny sitrapony (Romana 6:13). Jereo ny vavaka any amin'ny faran'ny lesona teo aloha.
- ✓ Ekeo am-pinoana fa feno ny Fanahy Masina ianao; izany hoe inoy fa manapaka anao izy. Manomboha miaina sy mitondra tena araka izany finoana izany.

FAMINTINANA NY ASAN'NY FANAHY AO AMIN'NY MPINO

Mampianatra ny mpino izy

Mifona ho an'ny mpino izy

Mitarika ny mpino izy

Mameno ny mpino izy

Mankalaza an'i Kristy izy (Jaona 16:13-14)

Dingana faha 6

Miresaka amiko Andriamanitra

Mariho na MARINA (M) na DISO (D)

____ Saika avy amin'Andriamanitra avokoa ny zavatra voasoratra ao amin'ny Baiboly.

____ Afaka mahazo izay lazain'ny Baiboly ny olona rehetra mangataka ny fanampian'Andriamanitra.

____ Ilaina ny mandinika ny Baiboly mba hahazoana ny zava-tsoa

INONA MOA NY BAIBOLY?

1. Inona no lazain'ny II Timoty 3:16 momba ny Baiboly?

   _____

   Araka ny fiheveranao azy, inona no dikan'ny hoe “nomen'ny tsindrimandry”?

   _____

   Hoy io andalana io hoe “Izay soratra _____ nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra”. Mety misy zavatra diso ve izay voalaza amin'io andalana io? _____

2. Inona no maha samihafa ny Baiboly sy ny boky hafa? Hebreo 4:12 _____

3. Azavao ahoana izany hoe maranitra toy ny sabatra ny Baiboly eo amin'ny fiainanao? (Hebreo 4:12)

   _____

NY ZAVA-KENDREN'NY BAIBOLY

4. **Mamahana** anao ara-panahy ny Baiboly (I Petera 2:2).

   Oharina amin'ny inona ny Baiboly? _____

   Inona no manjo ny kristiana tsy miraharaha ny famakiana Baiboly?

   _____

5. **Mitari-dalana** anao amin'ny fiainanao andavanandro ny Baiboly (Salamo 119:105).

   Oharina amin'ny inona ny Baiboly? _____

   Inona no ilantsika fanilo? _____

   Fotoana feno korontana izao iainantsika izao. Betsaka ny “mpampianatra”, fiangonana ary namana te hanolo-tsaina antsika. Ahoana no hahalalantsika iza amin'izy ireny no manana ny marina? Ho amin'izany indrindra no nanomezan'Andriamanitra antsika ny Baiboly, mba hanazavana ny saintsika ka hahafahantsika mandanjalanja ireo toro-hevitra omen'ny olona antsika.

6. Ny Baiboly ve no fahefana fara-tampony amin'ny fiainanao? Vakio Asan'ny Apostoly 17:10-11 Inona no zavatra fanaon'ireo kristiana tao Berea isan'andro ka tokony halain-tahaka?

   _____

IREO TOKONY HATAONAO

Manao ahoana ny famakianao Baiboly voatondro ho an'ny lesona tsirairay? Mamaky toko iray isan'andro ve ianao?

☐ Eny ☐ Tsia

Tsapanao nikasika ny fonao ve ny herin'ny Baiboly tamin'ny ianao namaky azy?

☐ Eny ☐ Tsia

Tantarao amin'ny olona izay zavatra nianaranao avy amin'ny famakianao Baiboly.

Raha tsy nahavaky Baiboly isan'andro ianao hatramin'izao, nahoana no tsy atomboka anio izany?

Eo ambany fitahian'Andrimanitra, manome toky aho anio fa hamaky toko iray ao amin'ny Baiboly isan'andro.

Daty _____

Ianaro tsianjery ireo boky 14 voalohany ao amin'ny Testameta Taloha:

Genesisy
Eksedosy
Levitikosy
Nomery
Deotornomia
Josoa
Mpitsara
Rota
Samoela I sy II
Mpanjaka I sy II
Tantara I sy II

AOKA HO SAINTSININA

Mandidy antsika hisaintsaina andro aman'alina ny Baiboly, izany hoe amin'ny fotoana rehetra, ny Josoa 1:8. Ity misy fomba hahafahana misaintsaina lalandava ny Baiboly:

Adikao amina taratasy kely na bokikely ny andalan-tsoratra masina iray avy amin'ny vakiteny ataonao isan'andro. Ataovy anaty paosy na kitapo, na apetraho amina toerana mora hita (eo amin'ny fitaratra na eo amin'ny vata fampangatsiahana), amin'izay azonao averimberina matetika tontolon'ny andro.

Rehefa misaintsaina ny andalan-tsoratra masina ianao dia manontania tena:

Inona no tian'Andrimanitra ampianarina ahy?

Ahoana no tokony hampiaraka izany teny izany amin'ny fiainako andavanandro?



MBA HITOMBOANA DIA

Vakio Asan'ny Apostoly 14-21 (Toko iray isan'andro).

Ianaro tsianjery II Timoty 3: 16-17

"Izay sotratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra."

7. **Manampy anao tsy hanota** ny Baiboly (Salamo 119:11). Inona no dikan'ny hoe "ato am-poko no iraketako ny teninao"?

   _____

8. **Manampy anao hitombo** ny Baiboly. Vakio II Timoty 3:16-17. Mahasoa ho

   _____ _____
   _____ _____

   ny Baiboly. Ny dikan'ny hoe "fandresen-dahatra" dia mibedy antsika ny Baiboly rehefa manota isika.

   Ny olona manaiky ho tarihin'ny Baiboly dia **ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra** (and. 17). Tandremo tsara rehefa misy miteny aminao fa tsy ampy izay voalazan'ny Baiboly ary mamporisika anao hitady fanambarana fanampiny amin'ny alalan'ny nofy. Ampy tsara hanoro lalana anao amin'ny fiainana kristiana ny Baiboly!

9. Sarotra aminao ve indraindray ny mino? Araka ny Romana 10:17, inona ny fomba iray hampitomboana ny finoana?

   _____

NY AO ANATIN'NY BAIBOLY: Fitambarana boky 66 voazara ho andiany roa.

TESTAMETA TALOHA
(Boky 39)
Ny lalàna (Genesisy ka hatramin'ny Deotornomia)
Tantaran'ny Israely (Josoa ka hatramin'ny Estera)
Tonon-kalo (Joba ka hatramin'ny Tono-kiran'i Solomona)
Faminaniana (Isaia ka hatramin'ny Malakia)

TESTAMETA VAOVAO
(Boky 27)
Fiainan'i Kristy (Ny Filazan-tsara 4)
Fitomboan'ny Fiangonana (Asan'ny Apostoly)
Fampianarana (Ny Epistily)
Faminaniana (Apokalypsy)

AHOANA NO ATAO MBA HAKANA NY TOMBON-TSOA AVY AMIN'NY BAIBOLY

Henoy: Miangona amina fiangonana itoriana ny tenin'Andriamanitra tsy misy diso. (Apokalypsy 1:3)

Ianaro: Mamaky isan'andro ny Baibolinao ve ianao? Raiso an-tsoratra anatina kahie iray izay nianaranao tamin'ny famakiana Baiboly ataonao isan'andro (jereo Fanampiny faha 4). Tsara ny manomboka izany amin'ny bokin'i Jaona, Asan'ny Apostoly, I Jaona ary Romana.

Saintsaino: Jereo **"AOKA HO SAINTSININA"** etsy anilany.

Tadidio: Misy andalan-tsoratra masina asaina tadidina isaka ny lesona. Tena zava-dehibe ny fanaovana io enti-mody io satria raha vao tadidinao tsianjery ny andalan-tsoratra masina iray dia voarakitra ao an-tsainao izany ka ho azonao ampiasaina any aoriana any.

Ankatoavy: Vakio Jakoba 1:22. Fintino amin'ny fehezan-teninao manokana izay lazain'io andalana io: _____
_____

Inona no nataon'i Ezra tamin'ny tenin'Andriamanitra? Milaza zavatra telo

1. _____
2. _____
3. _____

Dingana faha 7

Firesahana amin'Andriamanitra

Mariho na MARINA (M) na DISO (D)

____ Raha hivavaka dia tokony ho any am-piangonana ary tokony handohalika.

____ Afaka mivavaka am-patokiana aho satria mihaino ahy Andriamanitra ary manome toky Izy fa hamaly vavaka.

____ Ampy ny mivavaka isaka ny alohan'ny sakafo sy alohan'ny hatoriana.

INONA MOA NY VAVAKA?

Mifandray amin'Andriamanitra ny atao hoe mivavaka. Zavatra mora sy mandeha ho azy ohatra ny firesahana amin'ny namana izany. Azo iresahana ny zavatra rehetra na ny faniriana rehetra am-patokiana Andriamanitra. Fifandraisana akaiky aminy ny vavaka.

1. Inona no asain'Andriamanitra hataontsika ao amin'ny Jeremia 33:3? _____

   Fomba iray hilazana am-pahatsorana izay ao am-ponao amina namana liana hihaino anao ny vavaka.

   Ahoana hoy Andriamanitra raha manome toky hamaly ny vavakao izy? _____
   _____

   Hisy fotoana ve hahatonga an'Andriamanitra sahirana be ka tsy hahafahany mihaino ny fitarainanao? Eny ☐ Tsia ☐

2. Anisan'ny fomba hahafahantsika miaro tena ny vavaka. Inona ny torohevitra nomen'I Jesosy ny mpianany mba tsy hidiran'izy ireo amin'ny fakam-panahy? (Matio 26:41)
   _____

3. Inona no zavatra tokony fadina rehefa mivavaka?

   Matio 6:5 _____

   Matio 6:7 _____

AHOANA NO TOKONY HO FIVAVAHANTSIKA?

4. Manome antony maro be tokony hiderana an'Andriamanitra ny Salamo. Inona ohatra ny antony lazain'ny Salamo 106:1 hiderana an'Andriamanitra?
   _____

5. Tsy tokony hanana fahanahiana ianao, fa inona kosa no tokony hataonao? Filipiana 4:6
   _____

6. Araka ny Filipiana 4: 6, toe-po toa inona no tokony hangatahana amin'Andriamanitra?
   _____

"Tokony hivavaka isika rehefa mahatsapa faniriana hivavaka, satria fahotana raha avela handalo fotsiny izany tombontsoa lehibe izany. Tokony hivavaka isika rehefa tsy te hivavaka, satria mampidi-doza ny fijanonana amina toe-javatra tsy mahasoa toa izany"

Charles H. Spurgeon

NY TOKONY HATAONAO

Ianaro tsianjery ny filaharan'ireto boky ao amin'ny Testameta Taloha ireto ary avereno ireo efa nianaranao taloha.

Ezra
Nehemia
Estera
Joba
Salamo
Ohabolana
Mpitoriteny
Tonon-kiran'i Solomona
Isaia
Jeremia
Fitomaniana
Ezekiela
Daniela

IREO TOKONY HATAONAO

Miteny antsika hivavaka ho an'ny olona rehetra ny I Timoty 2:1.

Manana lisitra ahafahanao mahatsiaro vavaka tokony angatahana ve ianao?

Manaova lisitra vavaka anatina taratasy na bokikely.

Ireto no azonao soratana ao amin'ny lisitrao:

- ✓ Fianakaviana
- ✓ Namana
- ✓ Rahalahy ao amin'ny finoana
- ✓ Mpanompon'Andriamanitra (Pasiteranao, sns.)
- ✓ Ireo mpitondra ny firenenao sy ny tanananao
- ✓ Olona nanao ratsy taminao
- ✓ Olona tianao handray an'i Kristy
- ✓ Ny zava-kendrenao sy ny fitomboanao ara-panahy



MBA HITOMBOANAO DIA

Vakio Asan'ny Apostoly 22-28 (toko iray isan'andro).

Ianaro tsianjery Filipiana 4:6-7

"Aza manahy na inona na inona; fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra."

Maneho finoana an'Andriamanitra fa hamaly ny fangatahanao ianao raha mivavaka sady misaotra. Izany no antony ilazan'ny andininy faha 7 fa afaka mahatsapa _____ ny kristiana raha mametraka ny enta-mavesany eo am-pelantanan'olona afaka hanampy azy.

7. Toe-po manao ahoana no tokony hanatonantsika an'Andriamanitra araka ny Hebreo 4:16?

   _____

   Ladivan-kevitra: Araka ny eritreritrao, inona no mahatonga izany fahasahiana ananao amin'Andriamanitra izany?

8. Inona ny dikan'ny hoe mivavaka tsy mitsahatra? (I Tesaloniana 5:17) _____

   _____

   Raha tokony hivavaka amin'ny fotoana rehetra ianao, midika ve izany fa afaka mivavaka n'aiza n'aiza ianao, ohatra any am-piasana, eny an-dalana, sns.?

   _____

Ireto avy no tokony ho hita ao amin'ny vavakao:

Fankalazana an'Andriamanitra noho ny toetrany.

Fiaikena ny helotsika mba tsy hanelingelina ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra.

Ataka ho an'izay zavatra ilaintsika manokana na ho an'ny hafa.

Fisaorana. Inona no nataon'Andriamanitra ho antsika? Aoka hahay hisaotra isika ka hanambara ny fankasitrahantsika azy.

9. Araka ny Jaona 14:13, amin'ny anaran'iza no tokony hangataka isika? _____

10. Inona koa ny lazain'ireto andalan-tsoratra masina ireto momba ny vavaka?

    Salamo 66:18 _____

    _____

    I Jaona 5:14-15 _____

    _____

    Matio 21:22 _____

11. Inona no lazain'ny tapany faharoa amin'ny Efesiana 3:20 ka mamporisika anao hivavaka? _____

    _____

MAMALY NY VAVAKAO ANDRIAMANITRA

Hitantsika fa manome toky Andriamanitra fa hamaly ny vavatsika. Fomba ahoana anefa? Hoy ny olona iray izay hoe fomba telo no hamalian'Andriamanitra ny vavatsika:

- ✓ Indraindray izy manao hoe **"eny"**.
- ✓ Indraindray ho an'ny fahasoavantsika dia miteny hoe **"tsia"** izy.
- ✓ Indraindray kosa izy miteny hoe **"andraso kely"**.

Dingana faha 8

Mifandray isan'andro

Mariho na MARINA (M) na DISO (D)

____ Tena zava-dehibe mihitsy ny mamaky Baiboly sy mivavaka isan'andro.
____ Tokony hiezaka hamaky toko be dia be amin'ny Baiboly isan'andro isika.
____ Te hanova ahy isan'andro amin'ny alalan'ny Teniny Andriamanitra.

INONA NY FOTOAM-PIVAVAHANA?

Fotoana fihaonana amin'Andriamanitra isan'andro izany. Tokony ho isan'andro satria mila fotoana ny fandrafetana ny fifandraisanao amin'Andriamanitra. Tsy azo eo no ho eo akory ny fahamatorana, fa mila karakaraina andro aman'alina.

> ***"Jehovah ô, maraina no handrenesanao ny feoko; Maraina no hivavahako aminao, ka hanandrandra aho" Salamo 5:3***

Misy miantso azy koa hoe "ora fahanginana" satria fotoana fihainoana an'Andriamanitra ka hiresahany amintsika amin'ny alalan'ny Teniny ary koa hamaliana azy amin'ny alalan'ny vavaka izany.

NY MAHA ZAVA-DEHIBE IZANY

Inona ny maha zava-dehibe ny fotoam-pivavahana?

Josoa 1:8 _____

Salamo 63:1 _____

Matio 4:4 _____

Aminao ve, ilaina ny fihaonana isan'andro amin'Andriamanitra sa hevitra tsara tokony hatao fotsiny izany raha manana fotoana malalaka ianao? _____

_____

RAHOVIANA ARY AIZA NY HANAOVANAO FOTOAM-PIVAVAHANA?

Ny fotoana tsara indrindra angamba dia ny maraina. Amin'izay ianao afaka manomboka ny andro miaraka amin'Andriamanitra. Nanokana fotoana manokana amin'ny maraina ny olona toa andry Davida sy Kristy (Salamo 5: 2 sy Marka 1: 35). Mazava ho azy fa midika fifohazana maraindraina kokoa noho ny mahazatra izany, nefa mendrika ny ho tanterahana.

Mila mitady toerana mangina hahafahanao mitokana tsy misy mpanelingelina ianao. Mba hahitana izany fahanginana izany dia indraindray mila mifoha alohan'ny hafa, manidy ny varavaran'ny efitrao na mankany an-tokotany ianao.

Manondroa fotoana sy toerana hanaovanao fotoam-pivavahana:

Ora: _____ Hifoha amin'ny _____ aho.

Toerana: _____

HO SAINTSAINA

Mampitaha ny Baiboly amina "sabatra roa lela" ny Hebreo 4:12.

Indraindray tsy azontsika ny aintsika mamaky izany satria mitsikera ny fiainantsika ny Baiboly ka mampiseho antsika ny toetrantsika izay tokony hahitsy.

Mba efa nisaotra an'Andriamanitra ve ianao noho izany lafiny tena ilaina ananan'ny Soratra Masina izany?

NY TOKONY HATAONAO

Ianaro tsianjery ny filaharan'ireto boky ao amin'ny Testameta Taloha ireto, ary avereno tanisaina ireo efa nianaranao teo aloha.

Hosea
Joela
Amosa
Obadia
Jona
Mika
Nahoma
Habakoka
Zefania
Hagay
Zakaria
Malakia

FIRAFITRY NY FAMAKIANA BAIBOLY

Tsara raha ny Testameta Vaovao no hanombohanao ny vakiteny. Mamakia ampahany avy amin'ny boky iray isan'andro mandra-pamitanao izany boky izany. Indreto misy filaharana vakiteny atoronay anao mba hanombohanao ny famakiana Baiboly:

Jaona
Asan'ny Apostoly
I Jaona
Romana
Jakoba
Filipiana

Hitanao ao amin'ny Fanampy faha 5 ny lisitry ny vakiteny hatao mandritra ny taona.

Fanamarihana: Isaka ny mahavaky boky iray ao amin'ny Baiboly ianao, ary alohan'ny hamakianao boky vaovao hafa dia mamakia Salamo iray na toko iray ao amin'ny Ohabolana.



MBA HITOMBOANAO DIA

Vakio I Jaona 1-5, Salamo 1-5 (toko iray isan'andro).

Ianaro tsianjery Josoa 1:8

"Aoka tsy hiala amin'ny vavanao ity bokin'ny lalàna ity, fa saintsaino andro aman'alina, hitandremanao hanao araka izay rehetra voasoratra eo; ary amin'izany dia hahalavorary ny làlanao hianao sady hambinina."

Misy famintinana ny fomba fanaovana fotoam-pivavahana ao amin'ny Fanampy faha 4.

Hetezo io pejy io ary apetaho ao amin'ny Baibolinao. Hanampy anao amin'ny fihaonana amin'Andriamanitra isan'andro izany.

IZAY TOKONY HO HITA AO AMIN'NY FOTOAM-PIVAVAHANAO

Fanomanana ny fonao:

Ahoana ny toe-po tokony hiatrehana an'Andriamanitra?

Salamo 139:23-24 _____

Salamo 119:18 _____

Salamo 5:3 _____

Hebreo 4:16 _____

Fianarana ny Tenin'Andriamanitra

Mananatra antsika handinika ny Soratra Masina ny Jaona 5:39. Tsy mitaky famakiana fotsiny izany, fa mitaky fianarana ny lahatsoratra mihitsy mba hahafahana mahita ny hevitra fonosiny sy izay tian'Andriamanitra hampitaina.

Ho fanombohana aloha dia tsara raha lahatsoratra fohy (tsy mihoatra ny toko iray ny halavany) no ianarana. Tsara kokoa angamba ny mamaky lahatsoratra fohy fa averimberina noho ny mamaky toko maromaro. Amin'izay mantsy dia ho afaka hamakafaka tsara ianao.

Ahoana ny fomba fianarana ny Baiboly?

Lahatsoratra _____

Inona no andininy tena nanaitra anao indrindra tamin'ny lahatsoratra? _____
_____
_____
_____

Inona no hevi-dehibe ambaran'ny lahatsoratra? _____
_____
_____

Inona no dikan'izany eo amin'ny fiainanao? Inona no tian'Andriamanitra hataonao androany? _____
_____
_____
_____

Diniho koa ireto fanontaniana manaraka ireto, fa mety hanampy anao hahazo tombotsoa avy amin'ny famakiana ny lahatsoratra.

Misy didy tokony hankatoavina ve?
Misy ohatra tokony halain-tahaka ve?
Misy fahotana tokony hialana ve?
Misy fampanantenana ho anao ve?

Androany mividiana kahie hampiasainao amin'ny fotoananao. Adikao izay voasoratra anaty tabilao eo ambony ka ampiasao isaka ny mamaky Baiboly ianao ary soraty anaty kahie ny hevitrao.

TOROHEVITRA MAHOMBY

1. Maka fotoana malalaka hanaovanao fotoam-pivavahana. Aza maimaika manao izany.

2. Ataovy laharam-pahamehana ny fanaovana fotoana amin'Andriamanitra. Ezaho mba tsy ho tapaka ny fanaovanao izany. Raha manapaka indray andro ianao, aza kivy; saingy aza manapaka intsony ny ampitson'iny.

3. Miezaha mamaky toko iray isan'andro. Indraindray tsara kokoa ny mamaky andalana fohy mba hahafahana mianatra tsara izany.

4. Mariho ka tsipiho ao amin'ny Baibolinao ireo andalana manaitra mba ho mora tadiavina any aoriana.

5. Ezaho adika amin'ny fehezan-teninao manokana ireny andalana manaitra ireny mba ho azonao kokoa.

6. Raha mananosarotra anao ny mifantoka amin'ny famakian-teny, dia vakio mafy be na mitsangana. Aza matory eo am-pandriana rehefa manao fotoam-pivavahana fa mety ho raiki-tory ianao. Mangataha ny herin'Andriamanitra hanampy anao hifantoka bebe kokoa.

7. Manana kahie kely hanoratanao ireo vokatry ny fandinihana Baiboly, fangatahana vavaka sns.

Vavaka

Asio resaka momba ny vakiteny tao amin'ny Baiboly nianaranao ny vavaka ataonao. Valio Andriamanitra ary lazao azy ny fihetsem-ponao momba ny vakiteny. Aoka ho hita ao amin'ny vavaka ataonao ireto:

- ✓ Fiaikena heloka noho ny fahatsapana fa misy maloto ny fiainanao.
- ✓ Fiankohofana eo anatrehan'Andriamanitra noho ny maha izy azy (azonao ampiasaina amin'izany ny fankalazana hita ao amin'ny Salamo).
- ✓ Fiderana an'Andriamanitra noho ny zava-bitany.
- ✓ Fisaorana noho ny zavatra nomeny.
- ✓ Manaova vavaka ho an'ireo fangatahana nataonao lisitra.

Mihira ho an'ny Tompo

Manentana ny fanahinao ny mozika ka mampitombo ny fitiavana hankalaza rehefa manao fotoam-pivavahana ianao. Mazotoa mihira na mihaino hiran'antoko mpihira sy hira amin'ny fihirana, tsy rehefa manao fotoana ihany fa koa ny tontolo ny andro. Efesiana 5:19. Afaka misioka na mihirahira koa ianao raha tianao izany.

Araho asa izay nianaranao

Mampitandrina antsika mba ho “mpankato ny teny fa tsy ho mpihaino fotsiny ihany” ny Jakoba 1:22. Ny famakiana Baiboly fotsiny tsy misy fampiharana izany amin'ny fiainanao dia toy ny fijerena harina an-tava eo amin'ny fitaratra ka lasa mivoaka ihany ny tena nefa tsy nodiovina akory ny loto teo amin'ny tava. Tsy misy antony tokony hamakiana Baiboly raha tsy vonona akory hankatoa izany ny tena.

Misaintsaina sy mianatra tsianjery

Adikao amina taratasy kely ny andinin-tsoratra masina iray amin'ny lahatsoratra novakianao mba hahafahanao misaintsaina izany mandritra ny andro. Ezaho tadidina izany. Izany no fomba hanampian'Andriamanitra anao hanohitra ota.

FAMERENANA: RAFITRA TSOTRA HO AN'NY FOTOAM-PIVAVAHANA



1. Omano ny fonao

Mandiniha tena.
Ekeo ny fahotanao.
Mangataha fahazavan-tsaina.

2. Diniho ny Baiboly, mandraisa naoty:

Inona no zavatra tena nanaitra anao?
Inona ny hevi-dehibe?
Izay dikan'izay teny novakianao eo amin'ny fiainanao.

3. Mivavaha amin'ny Tompo:

- ✓ Ampidiro ao amin'ny vavaka ataonao ny teny novakinao, ka ambarao amin'Andriamanitra izany.
- ✓ Maike heloka.
- ✓ Ankalazao sy derao Andriamanitra noho ny toetrany.
- ✓ Misaora an'Andriamanitra noho izay nataony.
- ✓ Mangataha amin'Andriamanitra ka ampiasao ny lisitra nosoratanao.

4. Midera ny Tompo:

Mihira hirana antoko mpihira na hira amin'ny fihirana. Manentana ny fanahinao ny mozika ary manampy anao hidera an'Andriamanitra.

5. Araho asa izany nianaranao

Inona no ataonao anio ho fampiharana izany eo amin'ny fiainanao?

6. Saintsaino ary manaova tsianjery

Mifidiana andalana iray amin'ny teny novakinao mba hosaintsaininao sy hotadidinao.

Soraty anaty kahie kely na taratasy kely izany mba ho azona entina miaraka aminao mandritra ny andro.



Dingana faha 9

Ny fiangonako

Mariho na MARINA (M) na DISO (D)

____ Ny trano fivavahana no antsoina hoe “fiangonana”

____ Ny firaisan'ny mpino rehetra no antsoina hoe “fiangonana”

____ Afaka tsy mankany am-piangonana intsony aho, raha toa ka mitohy mamaky Baiboly foana any an-trano, sady manaraka fandaharana Kristiana amin'ny fahitalavitra na radio.

INONA NO ANTSOINA HOE FIANGONANA?

Hoy Jesosy Kristy Tompo ao amin'ny Matio 16:18: “...haoriko ny fiangonako...”

Filazam-potoana ho avy no nampiasainy (haoriko) ary ambarany ho toy ny fananany ny fiangonana (fiangonako). Io fiangonana izay nolazainy fa haoriny io dia efa misy amin'izao fotoana izao ary tsy mitsahatra ny miroborobo. Ankehitriny dia ny fiangonana no fomba isehoan'i Jesosy Kristy amin'izao tontolo izao.

Amin'ny lafiny iray ny fiangonana dia ny firaisan'ny mpino rehetra eran-tany, nefa koa dia afaka miseho amin'ny alalan'ny fiombonan'ny mpino amin'ny toerana iray na faritra iray izany (Matio16:18; Asan'ny Apostoly 13:1).

NY FIANGONANA ERAN-TANY

Ny fiangonana eran-tany dia toy ny tena iray ka Kristy no lohany. Ireo olona rehetra niaina ny fahateraham-baovao nanomboka tamin'ny andro nilatsahan'ny Fanahy Masina voalohany (ny Pentekosta voalohany) ka hatramin'ny fampakarana ny fiangonana no mandrafitra ny fiangonana eran-tany.

1. Oharina amin'ny inona ny fiangonana? I Korintiana 12: 27
2. Iza avy no mandrafitra izany tena iray (ny fiangonana) izany? Ireo olona rehetra mino an'i Jesosy Kristy no mandrafitra ny fiangonana. Dia ireo izay nateraka indray tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina (I Korintiana 12:13)
3. Inona no nomen'Andriamanitra ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana? Romana 12:4-8
4. Iza no lohan'ny fiangonana? Efesiana 4:15
5. Araka ny hitanao ao amin'ny Efesiana 1:12, inona no antony mampisy ny fiangonana?
6. Inona no asa iantsoana ny fiangonana? Matio 28:18-20

NY FIANGONANA EO AN-TOERANA

Eo amin'ny faritra iray, ny antsoina hoe fiangonana dia ny fikamban'ireo olona niaina ny fahateraham-baovao, vita batisa ary mivondrona hankalaza an'Andriamanitra, hifampianatra ary hitory ny filazantsara.

IREO TOKONY HATAONAO

Mba hanamafisana ny fifandraisanao amin'ny mpiray fiangonana aminao dia manomboha manasa olona iray amin'izy ireo ho any an-tranonao.

FANTATRAO VE FA...

Nomen'Andriamanitra fanomezam-pahasoavana ny mpino tsirairay avy araka ny Romana 12; Efesiana 4:11; I Korintiana 12. Anisan'izany fanomezam-pahasoavana izany ireto manaraka ireto:

- fanompoana
- fampaherezana
- finoana
- fahendrena
- famindram-po
- fitondrana na fitantanana
- fampianarana
- fizarana
- fitoriana filazantsara
- fitandremana na fiandrasana

Fantatrao ve hoe iza amin'ireo no fanomezam-pahasoavana ao aminao? Raha mbola tsy fantatrao dia afaka mangataka amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka ianao, mba ahafantaranao izany, ary mandritry ny fanompoam-pivavahana ao am-piangonana dia anontanio ireo rahalahy raha misy fanomezam-pahasoavana tsikariny eny aminao.

HOSAINTSAININA

Tanisao eto ambany ireo karazana fialan-tsiny foronin'ny olona rehefa tsy ho any am-piangonana izy:

_____
_____
_____
_____
_____

Inona nefa no tena antony tsy handehanany any am-piangonana? Hebreo 10:25

_____
_____
_____

NDAO HIFANAMPY

Tanisao ny anaran'ireo mpitondra fivavahana ao amin'ny fiangonanareo ary mivavaha ho an'ny iray amin'ireo isan'andro mandritra ity herinandro ity.



MBA HITOMBOANAO DIA

Vakio Romana 1-4 mandritra ity herinandro ity (ka roa andro no hamakio ny toko tsirairay mba hahazoana azy tsara).

Ianaro tsianjery Hebreo 10:24-25

"Aoka isika hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara; aza mahafoy ny fiarahantsika miangona, tahaka ny fanaon'ny sasany, fa mifananara kosa, mainka satria hitanareo fa mihatomotra ny andro."

7. Vakio ny Hebreo 10:24-25. Inona no tiany ambara amin'ny hoe "hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara"?

   Milaza ve ny baiboly fa ny mpino dia tokony ho mpikambana ao amin'ny fiangonana iray eo amin'ny faritra izay misy azy?

   Eny ☐ Tsia ☐ Nahoana? _____

8. Inona koa ireo zavatra niarahan'ireo mpino natao tao amin'ny fiangonana tao Jerosalema? Asan'ny Apostoly 2:42

   _____
   _____

9. Amin'ny maha mpikambana ao amin'ny fiangonana anao dia tokony hanampy an'izany fiangonana izany ianao. Inona avy no mety ho fomba fanampianao ny fiangonanao?

   Galatiana 6:10 _____

   I Petera 4:10 _____

   II Korintiana 9:7 _____

Ao amin'ny I Timoty 3:1-7 sy Titosy 1:5-7, ny Baiboly dia mamaritra mazava ny toetra tokony hananan'ny mpitondra fiangonana. Vakio ireo andinin-tsoratra masina ireo. Na dia tsy mbola mikasa ny ho mpitondra fiangonana aza ianao dia fantaro fa ny kristiana tsirairay dia tokony haniry hanana ireo toetra ireo.

10. Satria ny Tompo no nanendry ireo mpitondra fivavahana, ahoana ary no tokony ho fifandraisantsika amin'izy ireo?

    I Tesaloniana 5:12-13 _____
    _____

    Hebreo 13:17 _____

11. Inona kosa no andraikitry ny fiangonana amin'ireo mpikambana ao aminy araka ny Galatiana 6:1-2?

    _____

12. Mba hanitsiana rahalahy iray diso lalana, ahoana no tokony hataon'ny fiangonana?

    _____
    _____

Amin'ny maha fianankaviana iray ihany ny fiangonana dia manana adidy hiahy ny mpikambana tsirairay ao aminy izy. Misy fotoana anefa ilaina ny fifampifehezana mba hadio hatrany ny fiangonana ary tsy hisy hokianina ny fijoroany vavolombelona. Mitory fitiavana sy fiheverana ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana izany. Ny fifampifehezana dia iray amin'ireo zavatra ampiasain'Andriamanitra mba ahatonga antsika "hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara".

Dingana faha 10

Andao hitory!

Mariho na MARINA (M) na DISO (D)

____ Tena zava-dehibe ny fitoriana ny filazantsara satria maro ny olona mizotra ho any amin'ny afobe.

____ Afaka mitory ny filazantsara amin'ny namako sy ny fianankaviako amim-pahombiazana tanteraka aho.

____ Raha te hizara ny finoako aho dia tsaratsara kokoa raha manaraka fianarana manokana aloha.

Anisan'ny tombon-tsoa ananan'ny mpino ny fijoroana vavolombelon'ny finoany an'i Kristy. Ny fijoroana vavolombelona sy ny fitoriana ny filazantsara dia midika hoe mizara ny famonjena amin'ny hafa, mba hanaiky sy handray an'i Kristy koa iny olona iny.

ANTONY ILANA NY FIJOROANA VAVOLOMBELONA

Araka ny efa hitantsika tao amin'ny lesona teo aloha dia voagejan'ny fahotana ny zanak'olombelona: “Tsy misy marina na dia iray akory aza; … fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra eo amin'Andriamanitra” (Romana 3:10,23)

1. Miresaka momba ana varavarana roa izay mampiseho lalana roa mety hiafaran'ny lalan'ny olombelona ny Matio 7:13-14. Araka io andalana io dia mety ho aiza no iafaran'ny hankamaroan'ny olona?
   _____

2. Inona no ambaran'ny Jaona 3:18 momba ireo izay tsy mino an'i Kristy?
   _____

3. Fa izay mino kosa dia _____
   _____ (II Korintiana 5:17)

4. Amin'ny maha olom-baovao anao ao amin'i Kristy dia notendren'Andriamanitra hanatanteraka iraka manokana ianao, dia ny ho masoivohony. Noho ny maha masoivohon'Andriamanitra anao, ary araka ny hitanao ao amin'ny II Korintiana 5:20, inona no iraka ampanaoviny anao?
   _____
   _____

5. Vakio ny Matio 5:14-16. Ankoatry ny ho masoivohony, dia nantsoin'i Kristy ianao ho _____
   _____ (andininy faha 14)

6. Araka ny hevitrao, inona no dikan'ny hoe “fahazavan'izao tontolo izao” isika? _____
   _____

7. Ary inona kosa no dikan'ilay hoe “Mandrehitra jiro ka mametraka azy ao ambanin'ny vata famarana”? (andininy faha15) _____
   _____

HOSAINTSAINA

Mahasadaikatra anao ve ny miresaka momba an'i Kristy amin'ny olon-kafa?

Vakio Romana 1:16. Inona no antony nahatonga an'i Paoly tsy ho menatra ny filazantsara?

_____
_____
_____

SORATY

Iza avy ireo olona heverinao fa tokony hitoriana? Soraty eto ny anaran'izy ireo:

Fianakaviana :

_____
_____
_____
_____

Namana sy sakaiza :

_____
_____
_____
_____
_____

Mivavaha ho azy ireo amin'ny fotoana raikitra

Resaho momba an'i Kristy izy ireo.

IREO TOKONY HATAONAO

Oviana ianao no afaka hanomboka hitory?

Atombohy amin'ny olona iray voasoratra ao amin'ny lisitrao ny fitorianao amin'ity herinandro ity.

Aza mangatak'andro! Ary raha tsy tadidinao tsara ilay fizotry ny drafitra, dia afaka mizara ny Jaona 3:16 ianao aloha.

Raha te hahafantatra ny fomba mahomby hitoriana filazantsara amin'ny olona ianao dia jerevo ny Fanampy faha 6, fa ho hitanao ao ny torohevitra ahafahanao mampahafantatra amin'ny olona izay nataon'i Kristy tamin'ny fiainany.



MBA HITOMBOANAO DIA

Vakio ny Romana 5-8 mandritra ity herinandro ity (ka vakio roa andro misesy ny toko tsirairay mba hahazoanao azy tsara).

OMBAY MITADIDY

Tsy dia mahatoky tena loatra ve ianao satria tsy dia hainao loatra izay teny hotenenina rehefa hitory? Aza kivy fa trangan-javatra mety hiseho izany, ary mba hanananao fahatokiana dia:

1. Diniho ny “drafitry ny famonjena” ao amin'ny Fanampy faha 6.
2. Hetezo ny pejy misy ny “drafitry ny famonjena” ary apetao ao amin'ny baibolinao.
3. Ianaro tsianjery io drafitra io hatramin'ireo andinin-tsoratra masina ao anatin'ny drafitra.

8. Oadray ity famirapiratry ny hazavanao! Raha manaiky ary ianao fa fahazavan'izao tontolo izao, asio marika “X” izay heverinao fa manambara ny fiainanao:

   ☐ Tiako ny miresaka momba an'i Kristy satria Izy no nanova ny fiainako
   ☐ Indraindray dia mamirapiratra ny jiroko, fa indraindray kosaa dia takona izy na mitsilopilopy
   ☐ Tsy haiko ahoana no fitoriana an'i Kristy
   ☐ Tena manahirana ahy ny miresaka momba an'i Kristy
   ☐ Hatramin'izao dia tsy namirapiratra firy ny jiroko.

9. Ao amin'ny Matio 28:19-20 no ahitana ny iraka lehibe. Inona no asain'i Kristy hataontsika ao anatin'izany iraka izany?

   _____
   _____

TOROHEVITRA MAHOMBY: AHOANA NY FOMBA FITORIANA

1. Avelao hanova ny fiainanao i Kristy. Tadidio fa tsy hisy hiatraika amin'ny olona ny teny hivoaka ny vavanao raha toa ka tsy mifanaraka amin'izany ny fihetsikao (Matio 5: 16).
2. Ampiasao ny Baiboly. Io no tenin'Andriamanitra. Io ihany no fitaovana manan-kery afaka manazava ny fisalasalana ao an-tsain'ny mpanota. Hebreo 4: 12
3. Mangataha amin'ny Fanahy Masina mba hanampiany anao hitory. Ny Fanahy Masina no handresy lahatra izao tontolo izao ny amin'ny fahotany, ary hanomana ny olona hanongilan-tsofina hihaino anao rehefa manambara amin'ny olona ny famonjena ianao (Jaona 16: 8).Tsy afaka manery an'iza na iza ianao fa Andriamanitra irery ihany no hiasa mangina ao anatin'ilay olona.
4. Mivavaha mandrakariva ho an'ireo namanao izay tsy mbola nandray an'i Kristy ho Tompony. Ary mitadiava fomba ahafahanao mifanakalo hevitra amin'ireo namanao ireo.
5. Mangoraha ireo mpanota, satria ny mpanota dia miaina ao ambany ziogan'ny ota. Tsy fahavalonao akory ny mpanota, fa ny mpanota dia olona voafitaky ny fahavalo (Satana).
6. Rehefa mitory ianao dia mitoria amim-panetretena. Aoka ho tsarovinao fa raha tsy noho ny famindram-pon'Andriamanitra dia mety mbola hitovy toerana amin'ireo olona izay itorianao ianao.
7. Ampiaraho fahalalam-pomba ny fitorianao, ary ezaho mafy mba ho fantatr'ilay olona izay itorianao fa tena te hanampy azy ianao fa tsy hanameloka azy akory.
8. Aza mihatsaraivelantsihy na manamboamboatra fihetsika. Ny olona akaiky anao indrindra sady afaka hitorianao dia ireo fianankavianao sy ireo namanao. Koa aza misalasala mizara amin'izy ireo. Araraoty izany fifandraisana tsara izany mba hitorianao aminy.
9. Mitadiava kibokiboky tsara mikasika ny finoana kristiana ary manomboha mampiely izany. Manontania ny pasiteranao aiza no hahitana kibokiboky kristiana.
10. Aoka ianao tsy ho mora kivy. Na dia tsy hanaiky ny hafatra entinao aza ny olona rehetra, dia aza adinoina fa vaovao mahafaly mitondra fiainana mandrakizay no ampitainao. (Romana 1: 16). Ary koa, fantaro fa ny ankamaroan'ny olona dia mora mandray olona ihany na dia tsy toy izany aza no fijery azy amin'ny voalohany.

Dingana faha 11

Ireo baiko

Mariho na MARINA (M) na DISO (D)

____ Tokony ho vita batisa aho mba ho lasa any an-danitra.
____ Ny batisa sy ny fanasan'ny Tompo dia manampy ahy ho masina kokoa.
____ Ny fanasan'ny Tompo dia mariky ny rà sy ny tenan'i Kristy.

NY BATISA

1. Talohan'ny niakaran'i Jesosy tany an-danitra, dia naniraka izy mba hatao mpianany ny firenena rehetra. Araka ny Matio28:19-20, rehefa lasa mpianatr'i Kristy ny olona iray dia inona no dingana tokony hotanterahany voalohany?

   _____

   Tsy zavatra afaka safidianina akory ny batisa, fa tena baikon'i Kristy tokony ho arahan'ny kristiana tsirairay.

2. Tsy fe-petra ahazoana famonjena akory ny batisa fa vokatry ny famonjena efa azoko. Raha ny nanjo ilay mpiandry trano-maizina tao Filipy no resahina, inona no hany fe-petra nahazoany famonjena? Asan'ny Apostoly 16:30-31

   _____

   Ahoana ny fomba fijoroan'ilay mpiandry fonja sy ny fianankaviany vavolombelona? Asan'ny Apostoly 16:33

   Ny andininy faha 34 dia milaza fa ny fianakaviany iray manontolo fa tsy ilay mpiandry fonja monja no nino. Nino aloha izy ireo mba ho voavonjy, ary avy eo dia natao batisa mba hanehoana ny finoany.

   Amin'ny alalan'ny batisa no anehoantsika ampahibemaso fa voavonjy isika.

3. Araka ny Asan'ny Apostoly 2:41; taorian'ny nandraisan'ny olona ny teniny (ny filazantsara) dia _____ ary nisy olona 3000 nanampy isa ny fiangonana tao anatin'ny iray andro monja.

   Anisan'ny fomba itovizanao amin'ny fiangonana tao Jerosalema ny fanekena hatao batisa, ny fandraisana anjara amin'ny fiainam-piangonana toy ny toriteny, ny fiombonana, ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo ary ny fivavahana (andininy faha 42). Noho izany dia ***ny fanaovana batisa antsika koa no fomba hidirantsika ampahibemaso ho isan'ny fiangonana eto an-toerana*.**

Misy olona diso fihevitra momba ny batisa. Noho izany dia tokony ho fantatra tsara fa:

1. Ny batisa dia tsy mamonjy antsika akory.
2. Tsy ny batisa akory no dingana ahazoana famonjena, fa fanehoana ampahibemaso fotsiny io hoe voavonjy isika.
3. Ny batisa dia tsy manova antsika ho masina tampoka, fa mamporisika antsika kosa hiaina ao anatin'ny fahamasinana.

HOSAINTSAININA

Vakio ny Romana 6:1-4.

Raha topaza-maso dia toa milaza momba ny batisa natao tamin'ny rano io teny io. Ny tena marina anefa dia miresaka momba ny fitovizantsika amin'i Kristy ny “batisa” eto.

Rehefa manaiky sy mandray an'i Kristy isika dia miray aminy amin'ny fahafatesany, amin'ny fandevenana azy, ary amin'ny fitsangananany amin'ny maty. Noho izany dia olom-baovao ao amin'ny Tompo isika.

Ny batisa amin'ny rano dia manamarika ny fiovana eo amin'ny fotoana izay namonjena antsika.

Ny firotsahana sy ny fiondrehana ao anaty rano dia mariky ny firaisantsika amin'i Kristy amin'ny fahafatesany. Ary ny fitrakàna avy ao anaty rano kosa dia mariky ny fitsanganantsika ho amin'ny fiainam-baovao.

AOKA HO MPANKATOA NY BAIKO ISIKA

Raha efa nanaiky ny handray an'i Kristy ianao, efa nankatoa azy tamin'ny alalan'ny batisa ve ianao?

Eny ☐ Tsia ☐

Raha mbola tsy natao batisa ianao, dia manatona ny pastoranareo anio ary miresaha aminy.

HOSAINTSAININA

Vakio Hebreo 10: 10-12. Impiry no nanoloran'i Kristy ny tenany ho fanatitra velona, noho ny fahotana?

"_____ ho mandrakizay"

Saintsaino lalina ny fiatraikan'io teny io amin'ny hevitry ny olona sasany hoe mofo sy divay raisina eo amin'ny fanasan'ny Tompo dia miova ho vatana sy ran'i Kristy mihitsy fa tsy marika fotsiny.

Isan-kerinandro ary ve izany dia manolotra ny tenany ho fanatitra velona foana i Kristy.



MBA HITOMBOANAO DIA

Vakio Jakoba 1-5; Salamo 19; Salamo 27 mandritra ity herinandro ity ka mamakia toko iray isan'andro.

Ianaro tsianjery ny Matio 28: 19

"Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatro ny firenena rehetra, manao batisa aminy amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina."

NY FANASAN'NY TOMPO

Ny fanasan'nyTompo voalohany dia nataon'i Kristy ny alin'ny namadihana azy, mba ho mariky ny fanekena vaovao. Ny fanasan'ny Tompo dia masina sady tsy manam-paharoa, nefa tsy sakramenta na koa mazia (magie).

4. Rehefa avy namaky ny I Korintiana 11: 23-26 ianao, dia araka ny hitanao tao amin'ny andininy faha 26,

   Inona no ambarantsika? _____

   Mandram-pahatongan'ny oviana? _____

5. Inona no dikan'ny hoe atao izao "ho fahatsiarovana ahy" (andininy 24-25) _____
   _____

   Io tenin'Andriamanitra io dia mampahafantatra antsika ny hevitry ny fanasan'ny Tompo. Izany hoe, ny fanasan'ny Tompo dia **fampahatsiahivana** ny asan'i Kristy, ny fanatitra nataony teo amin'ny hazo fijaliana, ary ny ho fiverenany indray.

6. Araka ny andininy 24-25, mariky ny inona ny mofo sy ny divay?

   Ny mofo _____

   Ny divay _____

7. Vakio ny I Korintiana 11:27-31. Araka ny andininy faha 28, alohan'ny andraisana ny fanasan'ny Tompo dia fotoana iray iraisantsika amin'ny Tompo dia tokony handinika ny tenany ny tsirairay. Araka ny hevitrao, inona no atao amin'izany?
   _____
   _____

8. I Korintiana 10: 16-17. Manambara endrika iray ny fanasan'ny Tompo, dia ny firaisana. Io no fotoana iray iraisantsika amin'ny Tompo sy ireo rahalahy ara-pinoana. Inona no dikan'ny hoe manana firaisana?
   _____
   _____

Misy ireo diso hevitra momba ny fanasan'ny Tompo, nefa tokony ho fantatsika fa :

1. Ny fanasan'ny Tompo dia tsy sakramenta ary tsy zavatra majika.
2. Ny fanasan'ny Tompo dia tsy mahatonga antsika ho masina tampoka, fa kosa mamporisika antsika hiaina hatrany ao anatin'ny fahamasinana.
3. Ny divay dia tsy mivadika ho lasa ran'i Kristy, ary ny mofo dia tsy miova ho lasa tenan'i Kristy, fa marika fotsiny ihany ireny. Ny fanasan'ny Tompo dia fampahatsiahivana fotsiny ny famonjen'i Kristy mandram-piaviny indray.
4. Ny fanasan'ny Tompo dia asa fankatoavana an'i Kristy sady fotoana hiraisana aminy sy amin'ny rahalahy ara-pinoana.

Dingana faha 12

Ny Ankohonana

Mariho na MARINA (M) na DISO (D)

____ Ny andraikitra voalohany indrindra ho an'ny lahy dia ny mitia ny vavy.
____ Mety hahatarika ny vadiny hanatona an'i Kristy ny fananan'ny vavy fitondran-tena mendrika.
____ Na dia tsy mino aza ny ray aman-dreny dia tokony ho hajaina foana.

NY FIANAKAVIANA KRISTIANA

Toerana ahafahana mifanohana, mifampiharo ary mifampitaiza ny tokantrano Kristiana. Ao an-tokatrano no ahitana ny zavatra ilaina an-davanandro (fitafiana-sakafo-fidiovana-fatoriana), ao ihany koa no ampianarana ny zanaka izay tokony ho fantany mba hiatrehana ny fiainana. Nefa raha tsy anjakan'i Kristy ny tokantrano, dia tsy mba ho fialofana fa ho lasa toerana fifandonana sy hitondra fikorontanan-tsaina izy.

Ny fikasan'Andriamanitra ho an'ny ankohonana ao amin'ny Genesisy

"Tsy tsara raha irery ralehilahy, dia hanaovako vady sahaza ho azy izy" Genesisy 2:18

✓ Andriamanitra no namorona an'i Eva, mba ho vadin'i Adama. Noho izany dia, hevitra avy amin'Andriamanitra ny fanorenana tokantrano.
✓ Raha jerena ny dikan'ny hoe "sahaza azy" dia hoe "tena ilainy". Izany hoe ny mpivady dia mifameno, noho izany dia ny miaraka no mahatsara azy roa noho ny mandeha tsirairay.

"Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny, ary dia ho nofo iray ihany ireo. Ary nitanjaka izy mivady, dia ralehilahy sy ny vadiny nefa tsy nahalala henatra izy" Genesisy 2:24-25

✓ Rehefa hanorina ny tokantrano dia tokony tsy hiankin-doha amin'ny ray aman-dreny intsony. Amin'izay mantsy dia afaka hianatra ny hifampiankina ny mpivady.
✓ "Ho nofo iray ihany" na "ho tena iray ihany" dia midika firaisana fa tsy fifandrafiana na fifaninanana, toy ny mpinamana tsy mifankafoy ka mifampizara ny ao am-po tsy miloaka.
✓ Ny firaisana ara-nofo ao anaty tokantrano dia tsy fahotana, io dia fanomezana avy amin'Andriamanitra mba hitondra soa ho an'ny mpivady tsirairay. Ary ny zanaka aterak'izany dia vokatry ny fitahian'Andriamanitra.

IREO ADIDINAO AO AN-TOKANTRANO

1. Araka ireto andalan-tsoratra masina ireto, inona no asain'Andriamanitra ataon'ny **lahy**?

   Efesiana 5:25 _____

   Kolosiana 3:19 _____

   I Petera 3:7 _____

   Ry lehilahy, efa tanterakao ve ireo zavatra tokony hataonao ireo? Raha tsia, inona no lafin-piainana tokony hovainao? Fitiavana manao ahoana no nananan'i Kristy ho an'ny fiangonana? Io no modely tokony arahanao amin'ny fifandraisana amin'ny vadinao.

AHOANA NY HEVITRAO?

Ny Baiboly dia milaza fa ny vehivavy dia tokony hanaiky ny vadiny. Araka ny hevitrao, moa ve manome halalana ny lehilahy ho masi-mandidy amin'ny vadiny ve izany? Nahoana?

HOSAINTSAINA

Maro ny toe-javatra mety handrahona ny firaisankinan'ny ankohonana, tanisao eto izany:

_____
_____
_____

IREO TOKONY HATAONAO

Ny tsy fahampian'ny fotoana atokantsika ho an'ny tsirairay avy ao an-tokatrano dia anisan'ny mahatonga olana. Na dia tena tiantsika aza ny ankohonantsika, dia misy ihany ny fotoana izay tsy ahatsapan'izy ireo izany fitiavantsika izany. Mandritra ity herinandro ity, inona no hataonao mba hampisehoanao ny fitiavanao ny vadinao, ny zanakao, ny ray aman-dreninao, ny mpiray tampo aminao?

_____
_____
_____
_____
_____
_____
_____

FIANARANA

Tena zava-dehibe ny fitiavana ao amin'ny tokantrano kristiana. Voafaritr'i Paoly ao amin'ny I Koritiana 13: 4-7 ny tena fitiavana. Soraty amin'ny taratasy manokana ny toetra mampiavaka ny tena fitiavana. Ao amin'ny Baibolinao kosa, asio tsipika eo ambanin'izay teny tena manaitra anao.



MBA HITOMBOANAO DIA

Vakio mandritra ity herinandro ity ny Filipiana 1-4; Salamo 37; Salamo 51; Salamo 139 ka toko iray isan'andro.

Ianaro tsianjery Filipiana 2:3-4

"Tsy manao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana, na mandrani-tena foana, fa amin'ny fanetren-tena dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany. Ary tsy samy mihevitra ny azy ihany, fa samy ny an'ny namany ihany koa."

2. Inona kosa no asain'Andriamanitra hataon'ny **vavy**?

   Efesiana 5:33 _____

   I Petera 3:1-2 _____

3. Inona no asain'Andriamanitra hataon'ny **ray aman-dreny** araka ny Efesiana 6:4?

   (Ny tsy tokony hataony) _____

   Manomeza ohatra amin'ireo zavatra mampahatezitra ny zanaka amin'ny ray aman-dreny. _____
   _____

   (Ny tokony hataon'ny ray aman-dreny) _____
   _____

4. Araka ny Deotornomia 6:6-7, amin'ny fotoana manao ahoana ary aiza no tokony hampianaranao ny zanakao? _____
   _____

   Zarao ka resaho amin'ny ankohonanao izay zavatra nianaranao avy amin'ny fotoam-pivavahana nataonao. Miaraha mamaky Baiboly sy mivavaka ho an'ny hetahetam-ponareo manokana.

5. Inona no asain'Andriamanitra hataon'ny **zanaka** ao amin'ny Efesiana 6:1-2? _____
   _____

6. Misy zavatra izay mitondra filaminanana sy firindrana ao amin'ny tokantrano. Mahakasika ny lahy, ny vavy ary ny zanaka izany. Inona izany zavatra izany? Efesiana 5:21 _____
   _____

TOE-JAVATRA METY HITRANGA

Raha tsy kristiana ny fianakavianao :

1. Tiavo izy ireo. Tena ilaina ny tsy fanaovanao tsinontsinona ny havanao mbola tsy niova fo. Ny mbola tsy fahafantaran'izy ireo an'i Kristy no antony mahatonga azy ireo mbola manota. Ianao koa dia mba efa niaina toy izany teo aloha. Aza adinoina fa fony mbola niaina tanatin'ny ota isika dia efa maty ho antsika Kristy (Romana 5: 8). Koa asehoy amin'ny fihetsikao sy amin'ny alalan'ny asa mivaingana ny fitiavanao ireo fiankavianao ireo.
2. Tarito ho eo amin'i Kristy amin'ny alalan'ny ohatra tsara izy ireo. Ny teny ao amin'ny I Petera3:1-2 dia *manainga ireo vehivavy manana vady mbola tsy niova fo, mba hitarika azy ireo amin'ny fitondran-tena mendrika sy mahasarika*.

   Na dia miantefa amin'ny vehivavy aza io teny io dia tokony hampiharin'izay olona rehetra manana fiananka viana mbola tsy miova fo. Ny fitondran-tenanao dia zava-dehibe mety hahatonga azy ireo hiova fo. Aza mandany fotoana amin'ny fitsikerana azy sy amin'ny faneriterena azy, fa vao maika ampisehoy azy amin'ny alalan'ny asa ny finoanao.

Raha tsy mbola vita mariazy ara-dalana ianareo.

Na dia efa mahazatra antsika eo amin'ny fiarahamonina aza ny mahita olon-droa miara-mipetraka nefa tsy natao mariazy tao am-piangonana, ny Baiboly kosa dia tsy manome rariny izany velively. Raha voakasik'izany ianao dia tokony hangataka torohevitra ka hiresaka amin'ny pastora ao am-piangonanao, mba handamina izany haingana.

Raha tsy manam-bady ianao na mbola mpitovo

Fanamby lehibe tokony hobanjininao ny fitazomana ny fahadiovanao sy ny fahamendrehan'ny fitondrantenanao, izany hoe ny firaisana ara-nofo ivelan'ny fanambadiana. Tehirizo ho an'ny vadinao ny fahadiovanao. Aza adinoina fa izay hahasoa anao ihany no kendren'Andriamanitra.

Raha toa ka tsy madio intsony ianao, dia mibebaha amin'Andriamanitra ka mangataha aminy mba ho ampiany hiaina amin'ny fahamasinana ianao. Izany no antony tokony hangatahanao torohevitra amin'ny kristiana mahatoky toy ny pastora.



Dingana faha 13

FANARAHANA AN'I JESOSY

Mariho na MARINA (M) na DISO (D)

____ Ny fitomboana ara-panahin'ny kristiana dia misy fiantraikany eo amin'ny hafa

____ Tsy dia zava-dehibe loatra ny firaisana amin'ny tenan'i Kristy

____ Azo atao tsara izany hoe miaina amim-pifaliana tanteraka ny firaisam-po amam-panahy amin'Andriamanitra.

ARAHABAINA!

Arahabaina ianao fa nahatody hatramin'ny farany ny fianarana “Fiainam-baovao ao amin'i Kristy”. Noho izany dia amporisihana manokana ianao hanohy ny fianaranao amin'ny **boky faharoa.**
Diniho tsara io sary eo ambony io ary valio ireto fanontaniana ireto :

Tianao ve ny ho tonga amin'ny tanjona ka ho lasa mpianatr'i Kristy?	Eny ☐	Tsia ☐
Nanampy anao ho amin'izany tanjona izany ve ity boky voalohany “Fiainam-baovao ao amin'I Kristy” ity?	Eny ☐	Tsia ☐
Heverinao ve fa rehefa nahavita ny fianarana tato amin'ity boky ity ianao dia efa nahatratra ny tanjona, izay ny fitomboana ara-panahy?	Eny ☐	Tsia ☐

Tsy hoe mahavita mianatra ny boky iray toa itony akory dia lasa mpianatr'i Jesosy. Lavitr'ezaka ny fianarana amin'i Jesosy ka tsy vitan'izay hazakazaka zato metatra fotsiny. Tena fiainana isan'andro izany, na koa fomba fiainana vaovao manana ny fitsipika vaovao tsy mitovy amin'ny fiainana taloha.

IREO FAHAZARANA TOKONY HANANANAO HANDRINDRANAO NY FIAINAM-BAOVAO

Teo amin'ireo lesona teo aloha dia nomena anao ireo dingana tsirairay ahafahanao miara-dalana tokoa amin'i Kristy.

Soraty eo ambanin'ny sary ireo **fahazarana tsara mba hanana** amin'ny fiainana kristiana.

_____

_____

_____ _____ _____ _____

Tena manampy anao amin'ny fitomboan'ny finoanao ireo fihetsika mahazatra ireo ka aza atsahatra mihitsy.

Tokony harindranao tsara ny fiainanao, ka omena fotoana sahaza azy ny zavatra tena manan-danja, ary avy eo vao hatao ny zavatra tsy dia manandaja loatra, izany no atao hoe **mametraka ny laharam-pahamehana**. Ireo fahazarana tsara izay asehon'ireo sary ireo dia tokony ho laharam-pahamehana amin'ny fiainanao an-davan'andro.

Jesosy dia nilaza fa misy zavatra telo izay tena mampiavaka ny fiainan'ny kristiana. Fanorolan-tena:

✓ ho an'i Kristy ✓ ho an'ny kristiana hafa ✓ ho an'ny asan'ny Tompo eto amin'izao tontolo izao.

1. Karazana fifandraisana manao ahoana no tian'i Jesosy hananana miaraka aminao?
   Jaona 17:3 _____ Jaona 17:13 _____
2. Ny Jaona 17:11 dia manambara ny fifandraisana irin'i Jesosy hananan'ny kristiana samy kristiana. Jesosy dia nivavaka mba ho tehirizin'ny Ray sy ho arovany ny mpino rehetra mba _____, tahaka an'i Kristy sy ny Ray.
3. Jaona 17:23. “ …Mba ho tanteraka ho _____, mba _____ Izao tontolo izao” fa tonga avy any an-danitra Kristy mba hitia izao tontolo izao. Noho izany dia tena fomba fitoriana tena mahomby eto amin'izao tontolo izao ny Fitiavana sy ny firaisan'ny kristiana. Tsy manam-paharoa izany hafatra hampitaintsika izany. Vakio koa ny Jaona 14:34-35

FANDINIHAN-TENA

Manaraka ny fandaharana ho an'ny fotoam-pivavahana voalaza ao amin'ny lesona faha-8 ve ianao?

Eny ☐ Tsia ☐

Isaky ny amin'ny firy ianao no mitokana mba hiresaka amin'i Kristy? _____

Vakio hatrany ny Baiboly mba hanarahanao tsara ny drafitra ao amin'ny lesona faha-8.

Ahoana ny fomba hataonao mba hampivoatra ny fifandraisanao amin'ny kristiana hafa?

_____

_____

_____

Ahoana ny fomba hanehoanao amin'ny olona fa mitoetra aminao i Kristy?

_____

_____

_____



HALALINO

Misy voa karazany roa. Jaona 15:16. Inona ireo voa ireo araka ny Galatiana 5:22-23 sy Matio 28:18-20?

MBA HITOMBOANAO DIA

Vakio ny I Tesaloniana 1-5; II Tesaloniana 1-3. (Ka mamakia toko iray isan'andro).

Ianaro tsianjery ny ohabolana 3: 5-6

"Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao. Maneke azy amin'ny alehanao rehetra fa Izy handamina ny lalanao."

MANDEHA AMIN'NY FINOANA

4. Paoly dia nilaza fa mandeha amin'ny *finoana* isika fa tsy mandeha amin'ny *fahitana* (II Korintiana 5:7). Ahoana ny famaritana ny finoana araka ny Hebreo 11:1? _____
   _____

5. Ny Hebreo 11:6 dia milaza fa raha tsy amin'ny finoana dia tsy misy azo atao ahazoana sitraka amin'Andriamanitra. Ny olona izay te hanatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino zavatra roa, inona avy izany?

   a) _____

   b) _____

6. Heritrereto kely ny dikan'ny hoe miaina amin'ny finoana, ary saintsino lalina izay tena ambaran'ireto teny anaty tabilao ireto momba ny finoana.

Tsy fanantenana an-jambany fotsiny ny finoana fa tena faharesen-dahatra tanteraka fa Andriamanitra dia mahatoky ary hotanterahany avokoa izay rehetra nambarany. Ny fananana finoana an'Andriamanitra dia mahatonga ny olona tsy hiantehatra intsony amin'ny herin'ny tenany fa hiankina tanteraka amin'ny famonjen'Andriamanitra.

Ny mandeha amin'ny finoana dia mampihantra isan'andro izay ampianarin'Andriamanitra. Noho izany dia tena ilaina ny mitazona ny fifandraisana akaiky amin'Andriamanitra.

7. Manahoana ny famaritan'i Jesosy ny fifandraisany amin'ny olony araka ny ao amin'ny Jaona 15:4-5? _____
   _____

   Ampitahaina amin'ny voaloboka maniry amina tanim-boaloboka ny fifandrisantsika amin'i Kristy ka Izy no tena voaloboka ary isika no sampany.

8. Nahoana no lazaina fa zava-dehibe izany fitazonana ny firaisana amin'i Kristy izany? _____
   _____

9. Araka ny hevitrao, inona no tian'i Jesosy lazaina amin'ilay teny hoe: "Tomoera amiko"? (andininy faha-4) _____
   _____

10. Araka ny hitanao ao amin'ny Jaona 15:10, ahoana ny fomba hahafahanao mitoetra amin'ny fitiavany?
    _____

FIFANEKENA

11. Inona no takiana mba ho lasa mpianatr'i Kristy? Lioka 9:23
    _____

12. Vonona ny hampandefitra ny sitra-ponao ve ianao, ka hanaraka amim-pifaliana ny sitra-pon'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao isan'andro? Eny ☐ Tsia ☐ Tohizo ary mazotoa manaraka ireo toro-lalana sy fahazarana tokony hananantsika mba hampaharitra ny fifandraisanao akaiky amin'Andriamanitra. Ampiharo ny fampianarana azonao avy amin'ny Tompo isan'andro.

Fanampy 1

Hetezo manaraka ny teboteboka ka ianaro tsianjery.

Dingana 1	Dingana faha-2	Dingana faha-3	Dingana faha-4
Efesiana 2:8-9	Jaona 10:27-28	I Jaona 1:9	Galatiana 2:20
“Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra; tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha.”	“Ny ondriko mihaino ny feoko, ary Izaho mahalala azy, ary izy manaraka Ahy, ary Izaho manome azy fiainana mandrakizay, ka tsy ho very izy mandrakizay, ary tsy hisy handrobaka azy amin'ny tànako.”	“Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra.”	“Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy.”
Dingana faha-5	**Dingana faha-6**	**Dingana faha-7**	**Dingana faha-8**
I Korintiana 12:13	II Timoty 3 16-17	Filipiana 4:6-7	Josoa 1:8
“Fa Fanahy iray ihany no nanaovam-batisa antsika rehetra ho tena iray, na jiosy na jentilisa, na andevo na tsy andevo; ary isika rehetra dia efa nampisotroina ny Fanahy iray.”	“Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra.”	“Aza manahy na inona na inona; fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra. Ary ny fiadanan'Andriamanitra izay mihoatra ny fahalalana rehetra hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy.”	“Aoka tsy hiala eo amin'ny vavanao ity bokin'ny lalàna ity, fa saintsaino andro aman'alina, hitandremanao hanao araka izay voasoratra eo; ary amin'izany dia hahalavorary ny lalanao ianao sady hambinina.”
Dingana faha-9	**Dingana faha-11**	**Dingana faha-12**	**Dingana faha-13**
Hebreo 10:24-25	Matio 28:19	Filipiana 2:3-4	Ohabolana 3:5-6
“Ary aoka isika hifampidinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara; aza mahafoy ny fiarahantsika miangona, tahaka ny fanaon'ny sasany, fa mifananara kosa, mainka satria hitanareo fa mihatomotra ny andro.”	“Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenen-drehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.”	“Tsy manao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana, na mandrani-tena foana, fa amin'ny fanetren-tena dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany. Ary tsy samy mihevitra ny azy ihany, fa samy ny an'ny namany ihany koa”	“Matokia an'i Jehova amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao. Maneke azy amin'ny alehanao rehetra fa izy handamina ny làlanao.”

Fanampy 2

Hetezo manaraka ny teboteboka ary aforeto eo afovoany, dia araiketo amin'ny Baibolinao.

IZA MOA AHO EO IMASON'I KRISTY ?

Zava-boahary nohavaozina aho. II Korintiana 5: 17
Zanak'Andriamanitra aho. Jaona 1: 12; Romana 8: 14-15; Galatiana 3: 26; Galatiana 4: 6
Efa voavidy aho ary navelany ny heloko rehetra. Kolosiana 1: 14
Olon'afaka mandrakizay aho ary tsy azon'izay fanamelohana intsony. Romana 8: 1
Nafahana tamin'ny fangejan'ny fahotana aho. Romana 6: 1-6
Afaka manatona ny seza fiandrianan'Andriamanitra tsy amim-pisalasalana aho, ka mangataka famindram-po amin'ny fotoana ilàko izany. Hebreo 4: 16
Marina eo imason'i Kristy aho, voavela heloka tanteraka. Romana 5: 1
Mpanompon'ny fahamarinana aho. Romana 6: 18
Olomasina aho. Efesiana 1: 1; I Korintiana 1: 2; Filipiana 1: 1
Fanasin'ny tany aho. Matio 5: 13
Fahazavan'izao tontolo izao aho, mpitondra fahamarianana. Matio 5: 14
Sakaizan'i Kristy aho. Jaona15: 15
Nofidian'i Kristy aho mba hamoa araka ny baikony. Jaona 15: 16
Efa lasa mpanompon'Andriamanitra na mpifatony aho. Romana 6: 22; Efesiana 3: 1; Efesiana 4: 1
Tempolin'Andriamanitra aho ary mitoetra ato anatiko ny Fanahy Masina. I Korintiana 3: 16; I Korintiana 6: 19
Olom-boavidy aho, noho izany dia an'Andriamanitra aho. Tsy tompon'ny tenako intsony aho satria miaina ho an'i Kristy. II Korintiana 6: 19-20; II Korintiana 5: 14-15
Rantsana iray ao amin'ny tenan'i Kristy aho. I Korintiana 12: 27; Efesiana 5: 30
Efa nampihavanina tamin'Andriamanitra aho, ary efa nirahiny koa aho mba hitondra ny teny fampihavanana. II Korintiana 5: 18-19
Efa nohombohana tamin'ny hazo fijaliana niaraka tamin'i Kristy aho. Ary tsy izaho intsony no velona fa Kristy no velona ato anatiko. Galatiana 2: 20
Efa nofidin'Andriamanitra aho, fony mbola tsy hary akory izao tontolo izao, mba ho masina sy tsy misy tsiny eo anatrehany aho. Efesiana 1: 4
Mpandova an'Andriamanitra aho, satria zanak'Andriamanitra. Galatiana 4: 6-7
Asatanan'Andriamanitra aho, nateraka indray tao amin'i Kristy mba hanao ny asany. Efesiana 2: 10
Olona masina aho sady olona marina. Efesiana 4: 24
Anisan'ny mponin'ny lanitra aho. Filipiana 3: 20; Efesiana 2: 6
Mpivahiny aho eto an-tany, ary tsy maharitra ny fiainana eto. I Petera 2: 11
Zanaky ny mazava aho fa tsy zanaky ny aizina. I Tesaloniana 5: 5
Nafahana tamin'ny ziogan'ny satana aho ary nafindra ho eo amin'ny fanjakan'i Kristy. Kolosiana 1: 13
Fahavalon'ny devoly aho. I Petera 5: 8
Naterak'Andriamanitra aho ary tsy manana fahefana amiko intsony ny devoly. I Jaona 5: 18
Kristy mihitsy no mitoetra ato anatiko. Kolosiana 1: 27
Nofidin'Andriamanitra aho, noamasininy sy notiaviny. Kolosiana 3: 12; I Tesaloniana 1: 4
Ny teny fikasana izay noraisiko tamin'Andriamanitra dia sady soa no lehibe indrindra. II Petera 1: 4
Rehefa hiverina Kristy dia ho tahaka azy aho. I Jaona 3:1-2
Fa noho ny fahasoavan'Andriamanitra no naha-toy izao ahy.

Dikan-teny malalaka avy amin'ny boky Victory over the Darkness nosoratan'i Neil T. Anderson

AHOANA NO ATAO REHEFA MIAIKY HELOKA?

Raha hoy isika : tsy manana ota isika, dia mamita-tena ary ny marina tsy ao anatintsika. Raha miaiky ny fahotantsa isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika, sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra.

I Jaona 1:8-9

Ny atao hoe miaiky heloka dia tsy vitan'ny fitenenana hoe “nanota aho ka dia mifona tompoko!”. Ny tena fiaikena heloka mantsy dia mitaky zavatra maro:

a. Milaza ny marina

b. Manenina amin'izay natao (maniry ny tsy hamerina hanota intsony)

d. Milaza ny antsipiriany (Milaza amin'Andriamanitra hoe inona ilay fahotana natao)

e. Miaiky heloka avy hatrany. Raha vao tsapako fa nanota aho dia tokony hiaiky izany. Raha tsy izany mantsy dia mety ho latsaka anaty fahotana hafa indray aho.

f. Manao izany am-panetren-tena (mangata-pamelana amin'ireo olona voakasiky ny fahotako).

g. Manaiky ny famelankeloka. Tsy tokony hanamelo-tena noho ny fahotana efa nekentsika isika. Raha namela antsika Andriamanitra dia tokony ho hekentsika ny famelany, ary hisaotra Azy noho izany.

Fanampy 3

Hetezo manaraka ny teboteboka ary aforeto eo afovoany, dia araiketo amin'ny Baibolinao.

ZAVATRA ROAPOLO AFAKA ATAOKO

Misy milaza fa ny olona mpiteny hoe “afaka manao izao sy izao aho” dia manana fahombiazana amin'izay ataony, ary ny olona mpiteny hoe “tsy mba afaka manao izao sy izao aho” dia tsy mba mahomby eo amin'izay ataony. Ny finoana fa manana fahombiazana amin'ny fitomboana sy fahamatorana eo amin'ny fiainana kristiana ianao dia tsy mitaky zava-tsarotra ankoatra ny finoana fa hahita izany fahombiazana izany aho. Noho izany, inona moa no antony tsy hinoako fa afaka mandeha araka ny finoana avy amin'ny Fanahy Masina aho, fa afaka hanohitra ny fakam-panahin'izao tontolo izao aho, dia ny nofo sy ny devoly, ary afaka ho tody amin'ny fitomboana maha-kristiana ahy. Ny lisitra manaraka eto ambany dia nalaina avy tamin'ny tenin'Andriamanitra, ary hanampy anao hanalavitra ny “fandavana” ka hitondra anao ho eo akaikin'i Kristy any an-danitra:

1. Nahoana aho no milaza fa “tsy mba afaka ny hanao izao sy izao”, nefa ny Baiboly dia milaza fa mahay ny zavatra rehetra aho noho Kristy mampahery ahy (Filipiana 4:13)?
2. Nahoana aho no miharitra sy manaiky ny fahasahiranana, nefa fantatro fa Andriamanitra dia hahatanteraka izay rehetra tokony ho ahy araka ny hareny amin'ny voninahitra ao amin'i Kristy Jesosy (Filipiana 4:19)?
3. Nahoana aho no matahotra, nefa ny Baiboly dia milaza fa tsy nomena fanahy osa aho fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena. (II Timoty 12:7)?
4. Nahoana aho no milaza fa tsy manana finoana aho hanatanterahako ny antson'Andriamanitra, nefa fantatro fa Andriamanitra mihitsy no nizara finoana tamiko araka ny onony. (Romana12:3)?
5. Nahoana no malemy aho nefa ny Baiboly dia milaza fa: Jehovah no fiarovana mafy ho an'ny aiko, ary satria mahalala Azy aho dia hifikitra Aminy sy hankato Azy. (Salamo 27:1; Daniela 11:32)?
6. Nahoana no avelako hanam-pahefana amin'ny fiainako satana, nefa fantatro fa izay mitoetra ato anatiko dia mahery noho izay mitoetra amin'izao tontolo izao.(I Jaona 4:4)?
7. Nahoana aho no manaiky ho resy nefa ny baiboly dia milaza fa Andriamanitra dia mitari-dalana antsika ho any amin'ny fandresena. (II Korintiana 2:14)
8. Nahoana aho no manaiky ho tsy ampy fahendrena nefa fantatro fa Andriamanitra dia efa nanome ahy an'i Kristy ho fahendreko, ary Izy dia afaka manome fahendrena ahy araka izay angatahiko. (I Korintiana 1:30; Jakoba 1:5)?
9. Nahoana no mamoy fo aho nefa afaka mahatsiaro ny fitiavany sy ny fahasoavany, ary mahatsiaro fa tsy mba mamitaka Andriamanitra, ka azoko antenaina. (Fitomaniana 3:21-23)?
10. Nahoana no matahotra sy be fanahiana aho nefa afaka mitondra ny fanahiako rehetra eo amin'i Kristy izay miahy ahy. (I Petera 5:7)?
11. Nahoana no manaiky ho voageja aho nefa fantatro fa izay misy ny Fanahy Masina dia misy ny fahafahana. (Galatiana 5: 1)?
12. Nahoana no mihevitra aho fa voaheloka nefa ny Baiboly dia milaza fa tsy voaheloka aho satria ao amin'i Kristy. (Romana 8: 1)?
13. Nahoana aho no mahatsiaro tena ho irery nefa Jesosy dia efa nilaza fa hiaraka amiko foana mandrakizay ary tsy hamela ahy na hanary ahy mihitsy. (Matio 28: 20; Hebreo 13: 5)?
14. Nahoana no mihevi-tena ho voaozona sy ratsy vintana aho nefa ny Baiboly dia milaza fa efa nafahan'i Kristy tamin'ny ozon'ny lalana rehetra aho mba handraisako ny Fanahy Masina. (Galatiana 3: 13-14)?
15. Nahoana no tezitra aho nefa Paoly dia nampianatra fa tokony ho faly mandrakariva (Filipiana 4: 11)?
16. Nahoana aho no mahatsiaro tena ho tsy misy vidiny nefa natao ota Kristy, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao Aminy koa aho (II Korintiana5:21)?
17. Nahoana no matahotra ny fanejehan'ny olona aho nefa fantatro fa tsy misy mahatohitra ahy raha Andriamanitra no momba ahy (Romana8:31)?
18. Nahoana aho no mikorontan-tsaina nefa Andriamanitra dia tompon'ny Fiadanana ary ampahafantariny ahy izany amin'ny alalan'ny Fanahy izay mitoetra ao amiko. (I Korintiana 4: 33; 2:12)?
19. Nahoana no mahatsiaro ho resy aho nefa fantatro fa mpandresy aho amin'ny alalan'i Kristy (Romana 8: 37)?
20. Nahoana no avelako handemy ahy ny korontan'ny fiainana nefa fantatro fa Kristy dia efa naharesy izao tontolo izao, ka tokony hahazo hery noho izany aho. (Jaona 16: 33)?

Dikan-teny malalaka avy amin'ny boky Victory over the Darkness nosoratan'i Neil T. Anderson, pejy 96-99.

Fanampy 4

Hetezo manaraka ny teboteboka ary aforeto eo afovoany, dia araiketo amin'ny Baibolinao.

DRAFITRA MAHOMBY HO AN'NY FOTOAM-PIVAVAHANAO

Omano ny fonao

Mandiniha tena ary ekeo ny helokao.
Mangataha mba ho takatrao izay tian'Andriamanitra holazaina aminao.

Diniho ny Baiboly

Ampiharo ny drafitra etsy amin'ny pejy ilany hoe “Ahoana no fianarana ny Baiboly?”

Mivavaha amin'Andriamanitra

✓ Rehefa mivavaka ianao dia resaho ao anatin'ny vavakao ny teny novakianao,
✓ Ekeo ny helokao rehetra,
✓ Derao ka omeo voninahitra Andriamanitra satria mendrika izany izy,
✓ Isaory Andriamanitra noho izay rehetra nataony,
✓ Mangataha amin'Andriamanitra ka ampiasao ny lisitra efa nataonao.

Mihirà ho an'Andriamanitra

Mihirà hiran'antoko mpihira na hira ao amin'ny fihirana. Ny hira dia hanainga ny fanahinao ka hanampy anao hidera ny Tompo.

Ampiharo izay efa nampianarina anao

Mba ho fampiharana izay nianaranao dia inona no hataonao androany?

Diniho ka ombay mitadidy

Mifidiana andininy iray tamin'ny teny novakianao mba hosaintsainao sy hotadidinao. Soraty amin'ny taratasy kely na amin'izay boky kely handalo eo amin'ny masonao mandritra ny tontolo andro.

DRAFITRA HOENTI-MAMAKY NY BAIBOLY

Atomboy amin'ny famakiana ny Testamenta Vaovao, ka mamakia toko iray isan'andro ao amin'ny boky iray mandram-pahavoavaky ny boky iray manontolo. Ireto boky ireto no tsara vakina voalohany:

Jaona	Asan'ny apostoly
I Jaona	Romana
Filipiana	Jakoba
I Tesaloniana sy Efesiana	II Tesaloniana

Tadidio ny mamaky Salamo na Ohabolana rehefa isaky ny mahavita mamaky iray amin'ireo boky ireo.

OMANO NY FONAO

Jehova ô, maraina no handrenesanao ny feoko; maraina no hivavahako aminao, ka hanandrandra aho. Salamo 5:3

Diniho aho, Andriamanitra ô, ary fantaro ny foko; izahao toetra aho, ary fantaro ny eritreritro; ary izahao na misy làlana mampahory ato anatiko, dia tariho amin'ny làlana mandrakizay aho. Salamo 139:23-24

Amorony fo madio aho, Andriamanitra ô; ary havaozy hiorina marina ny fanahiko ato anatiko. Salamo 51:10

Ampahirato ny masoko, mba hahitako zava-mahagaga ao amin'ny lalànao. Salamo 119:18

Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'izay andro mahory. Hebreo 4:16

AHOANA NY FOMBA FIANARANA NY BAIBOLY?

Lahatsoratra: _____

Inona no andininy tena nanaitra anao indrindra tamin'ny lahatsoratra?
_____
_____
_____

Inona no hevi-dehibe ambaran'ny lahatsoratra? _____
_____
_____

Inona no dikan'izany eo amin'ny fiainanao? Inona no tian'Andriamanitra hataonao androany? _____
_____
_____
_____

Diniho koa ireto fanontaniana manaraka ireto, fa mety hanampy anao hahazo tombotsoa avy amin'ny famakiana ny lahatsoratra.

Misy didy tokony hankatoavina ve?

Misy ohatra tokony halain-tahaka ve?

Misy fahotana tokony hialana ve?

Misy fampanantenana ho anao ve?

Fanampy 5

Hetezo manaraka ny teboteboka ary aforeto eo afovoany, dia araiketo amin'ny Baibolinao.

DRAFITRA HOENTI-MAMAKY NY BAIBOLY AO ANATIN'NY TAONA IRAY

Ny lisitra omena eto ambany dia hoentinao mamaky ny Baiboly ao anatin'ny taona iray, ka toko iray isan'andro no vakinao. Isaky ny mahavaky toko iray ianao dia asivo marika “X” ny taratasinao eo ambonin'izay toko voavaky, izany dia mba hahitanao ny fivoaran'ny vakiteny ataonao.

Boky	Toko
JAONA	1 2 3 4 5 6 7 8 9 10 11 12 13 14 15 16 17 18 19 20 21
ASAN'NY APOSTOLY	1 2 3 4 5 6 7 8 9 10 11 12 13 14 15 16 17 18 19 20 21 22 23 24 25 26 27 28
I JAONA	1 2 3 4 5
ROMANA	1 2 3 4 5 6 7 8 9 10 11 12 13 14 15 16
JAKOBA	1 2 3 4 5
FILIPIANA	1 2 3 4
I TESALONIANA	1 2 3 4 5
II TESALONIANA	1 2 3
SALAMO	1 2 3 4 5 6 7 8 9 10
EFESIANA	1 2 3 4 5 6
KOLOSIANA	1 2 3 4
SALAMO	11 12 13 14 15 16 17 18 19 20
MATIO	1 2 3 4 5 6 7 8 9 10 11 12 13 14 15 16 17 18 19 20 21 22 23 24 25 26 27 28
SALAMO	21 22 23 24 25 26 27 28 29 30
I KORINTIANA	1 2 3 4 5 6 7 8 9 10 11 12 13 14 15 16
II KORINTIANA	1 2 3 4 5 6 7 8 9 10 11 12 13
SALAMO	31 32 33 34 35 36 37 38 39 40
GALATIANA	1 2 3 4 5 6
I TIMOTY	1 2 3 4 5 6
II TIMOTY	1 2 3 4
MARKA	1 2 3 4 5 6 7 8 9 10 11 12 13 14 15 16
SALAMO	41 42 43 44 45 46 47 48 49 50
TITOSY	1 2 3
FILEMOANA	1
GENESISY	1 2 3 4 5 6 7 8 9 10 11 12 13 14 15 16 17 18 19 20 21 22 23 24 25 26 27 28 29 30 31 32 33 34 35 36 37 38 39 40 41 42 43 44 45 46 47 48 49 50
SALAMO	51 52 53 54 55 56 57 58 59 60
I PETERA	1 2 3 4 5
II PETERA	1 2 3
APOKALIPSY	1 2 3 4 5 6 7 8 9 10 11 12 13 14 15 16 17 18 19 20 21 22
LIOKA	1 2 3 4 5 6 7 8 9 10 11 12 13 14 15 16 17 18

Fanampy 6

Hetezo manaraka ny teboteboka ary aforeto eo afovoany, dia araiketo amin'ny Baibolinao.

AHOANA NY HANOMANAKO NY FIJOROAKO HO VAVOLOMBELONA

Anisan'ny fomba mahomby indrindra ho fitoriana ny filazantsara ny fijoroana ho vavolombelona. Tena mety raha tsy dia lava loatra ny fijoroanao ho vavolombelona, nefa mafonja sy mandresy lahatra. Mba hahatanteraka izany dia mila manomana mialoha ianao, ka manoratra izany anaty taratasy, ary mamolavola izany mandrampaha-tonga izany ho fitaovana mahomby amin'ny fitoriana filazantsara.

Toro-lalana hanomanana ny fijoroana ho vavolom-belona

1. “Talohan'ny nandraisako an'i Kristy ho mpanavotra ahy, dia toy izao ny fihevitro sy ny fiainako....”

   Nanao ahoana ny fiainanao talohan'ny nahafantaranao an'i Kristy? Ambarao ao anatin'izany ny endrika tsara tamin'izany fiainanao izany (toy ny fitiavana fivoarana sy fisondrotana hatrany, fitiavana fianarana, filofosana amin'ny asa, fitsinjovana ny hafa...), sy ny endrika ratsiny (toy ny fitiavan-tena, ny fialam-boly mandany vola tafahoatra, ny fireharehana...). Aoka ho mahatoky amin'izay tantaraina ianao, fa tsy hanitatra na hamorona. Ataovy izay hahaliana ny olona izay hihaino anao.

2. “Toy izao no nandraisako an'i Kristy ....”

   Ahoana no nadraisanao an'i Kristy? Rehefa hitantara ny fotoana nandraisanao an'i Kristy ianao dia tokony hilaza mazava izay zavatra voarainao ka azonao (manazava amin'ny fomba fohy ny drafitry ny famonjena), ary mitantara hoe inona no namabaranao tao anatin'ny vavaka nataonao voalohany.

   Afaka lazainao tsara hoe taiza no nandraisanao an'i Kristy ary iza no niresaka taminao tamin'izany fotoana izany. Tantarao izay norenesinao tamin'izany, saingy asongadino hatrany izay teny nambarany avy ao amin'ny baiboly (toy ny hoe, nozarainy tamiko ny voasoratra ao amin'ny Baiboly hoe .....)

3. “Taorian'ny nanekeko an'i Kristy dia ...”

   Nanao ahoana ny fiovana hita teo amin'ny fiainanao? Mitanisà tombontsoa roa na telo azonao noho ny maha kristiana anao.

Toro-hevitra fanampiny

1. Omano mialoha ny fijoroanao ho vavolombelona mba hahafahanao manao izany amin'ny fotoana rehetra ilàna azy, na dia eo am-piresahana amin'ny olona aza. Ialao ny fampiasana fehezan-teny toy ny anaty tononkalo. Mampiasà fomba fiteny mahazatra ny olona rehetra.
2. Miresaha fa aza mitoriteny.
3. Aza mampiasa ny fomba fiten'ny mpitori-teny. Fa aoka ny fomba fiteny mahazatra anao no hampiasainao.
4. Asivo resaka somary mampihomehy kely sy mahaliana ny olona. Rehefa mihomehy mantsy ny olona dia tsy dia miha miala ny fihafahafana fa mitombo kosa ny fitiavana hihaino.
5. Manintona kokoa ny fanasànao ilay olona haka sary an-tsaina toe-javatra iray, na ny fanaovanao sarisary hoentina mamaritra zavatra iray. Ohatra, aza mijanona amin'ny fitenenana fotsiny hoe “Nihalehibe tao amin'ny tranon'ny ray aman-dreniko aho”, fa asivo ohatra iray hanazavànao azy mba ahafahan'ilay olona haka sary an-tsaina ny fiainanao tamin'izany.
6. Tsory nefa ny resaka ary aza miditra amin'ny an-tsipirihany be loatra.
7. Betsaka ny olona izay tsy mahafantatra ny daty marina niovàny fo ka nandraisany an'i Kristy. Toe-javatra mety hitranga izany, ary raha anisan'izany olona izany ianao dia aza sahiran-tsaina, ny tena zava-dehibe dia ny faharesenao lahatra fa kristiana ianao ankehitriny.
8. Manaova fanazarana irery aloha na manoloanan'ny olona iray izay atokisanao. Aorian'izay dia hiraikitra tsara ao anaty tadidinao ny fizotrany ary hanana fahatokisan-tena kokoa ianao rehefa hanoloana ny olona tena hitorianao.

NY DRAFITRY NY FAMONJENA

Maro ny fomba hampahafantarana ny filazantsara amin'ny olona, saingy na inona na inona amin'ireo fomba ireo no ampiasaina dia tokony ho fantatr'ilay olona ny zavatra takiana aminy mba ho voavonjy izy. Ity drafitra ity dia mifototra amin'ny “Didy efatra momba ny fiainam-panahy”

Tia azy Andriamanitra, ary manana fandaharana iray ho an'ny fiainany

Jaona 3:16	Ny fitiavan'Andriamanitra
Jaona 10:10b	Ny fandaharan'Andriamanitra ho an'ny fiainany

Mpanota ny olom-belona ary noho izany dia tafasaraka amin'Andriamanitra

Romana 3:23	Mpanota isika rehetra .
Romana 6:23	Fahafatesana ara-panahy na fisarahana amin'Andriamanitra no vokatry ny fahotana.
Efesiana 2:8-9	Tsy mahavonjy tena isika.

Kristy irery ihany no vahaolana ka mahavonjy antsika, izy no nanaiky ho faty teo amin'ny toerantsika ka nitsangana tamin'ny maty.

Romana 5:8	Maty hisolo antsika i Kristy
Jaona 14:6	Kristy irery ihany no lalana
I Korintiana 15:3-6	Nitsangana tamin'ny maty i Kristy.

Tokony handray an'i Kristy ho mpamonjy antsika isika

Jaona 1:12	Mandray an'i Kristy mba ho lasa zanak'Andriamanitra
Romana 10:9	Amin'ny finoana tanteraka, asao hiditra ao am-ponao i Kristy.

Fiainam-Baovao Ao Amin'i Kristy

Boky 1

Dingana fototra amin'ny fiainana kristiana